

ANJOZOROBE

5

OLONA 2 Hafa Indray Novonoin'ny Mpaaka An-Keriny, 3 Nataony Takalon'Aina

Gazetiko

www.gazetiko.mg

MARINA IZANY !

6

HOJEREM-POTSINY VE !

FANTINA

3

NY VOKATSOA AZO AVY AMIN'NY FARY



Laharana 7847 Taona faha-26

Vidiny : 500 Ariary

Gazety mivoaka isan'andro

Alarobia 17 aprily 2024

TAF...SIKA

10

ANJARA RASOANAIVO

"MAMORON-KIRA, MANA-TONTOSA SARIMIHE-TSIKA AHO"



KITRA-BAREA

16

MIKAROKA HEVITRA HANAOVANA NY LALAO ETO NY FMF SY NY FITONDRANA

VARY SIMBA 124 TAONINA NODORANA SY NALEVINA

8

NOFONGARIN'NY OLONA HOHANINA INDRAY KA NANAPARITAKA NY MPITANDRO FILAMINANA



CANAL+

VOUS N'EN CROIREZ PAS VOS ŒUFS !!!

60.000* ARIARY
DECODEUR + EVASION
 INSTALLATION OFFERTE
 DU 21 MARS AU 28 AVRIL

15 JOURS OFFERTS SUR TOUT CANAL+**
 POUR TOUT REABONNEMENT
 A LA FORMULE ACTIVEE
 DU 29 MARS AU 28 AVRIL

GCL 806/3-3

Telma

MIRESAKA FOANA, ISAN'ANDRO, ISAN'ORA !

M'Ora 500
500 Ar
 ANTO HANIKAVY BTELMA SY NY TAMBAZOTRA Hafa Manan'ny 5 Andro
 + 25 SMS + 25 Mo

TSINDRIO NY #322*20#

GCL 800/24-13



© 2024 Telma. Tous droits réservés.

Monika Njava

Hihaona amin'ny mpankafy etsy amin'ny Kudeta Urban Club

Taorian'ny fampisehoana nataon'i Monika Njava sy ny ekipany tetsy amin'ny Le Louvre dia etsy amin'ny Kudeta Urban Club etsy Anosy indray no hifamotohana amin'ny mpankafy azy miaraka amin'ny hirany sy ny mozika mampiavaka azy izy. Rahapitso ary ny fotoana ho an'ireo izay mbola te hamerina sy tsy afaka tamin'iny herinandro iny. Hanomboka amin'ny 6 ora sy sasany hariva ny fampisehoana saingy tsara ihany ny fahatongavana mialoha mba hahafahana mifidy izay toerana tsara. Mety ihany koa anefa raha manao famandrihana. Monika Njava sy ny mpiten-driny no hanolotra ny tsara avy any aminy amin'ny alalan'ireo hira Jazz sy ny gadona nentim-pharazana avy any amin'ny tapany Atsimo sy Atsimo Andrefan'ny Nosy iny. Bolo Rakotodavid, Harty Andriambelo,



Monika Njava nitondra avo ny mozika sy kanto malagasy. Joël Rabesolo miaraka Njava amin'ny amponga, amin'ny quartet Monika Tiaray R

Mining Business Center (MBC),

Handray ny seho ataon'i Rodrigue mpanao hatsikana frantsay

Vonona ny hitondra hafaliana ho an'ny mpankafy hatsikana sy fampihomezana etsy amin'ny Mining Business Center (MBC) ny asaboatsy izao i Rodrigue, mpanao hatsikana teratany frantsay « Stand-upper ». Tsy ataony ambanin-javatra mihoatra ireo firenena hafa efa nanaovany fampisehoana ny seho ataony eto amintsika. Raha ny marina dia hitondra ny mpankafy hijery ny zava-misy mahatsikaiky sy mampihomehy eny anivon'ny fiarahamonina izay efa nandalo-vany i Rodrigue. Fa ankoatra izay dia hitantara kely ny fiainana mahatsikaiky niaraka tamin'ny reniny sy ny fiverenany antsehatra izy amin'io sabotsy io. Marihina fa nahazo ny loka nandritra ny « Festival d'Humour de Paris » tamin'ny taona 2022 . Ny zoma izao moa no higadona eny amin'ny seranam-piaramanidina iraiasam-pirenena



Ny zoma izao no ho higadona eny Ivato i Rodrigue mpanao hatsikana frantsay.

eny Ivato i Rodrigue. Efa eo am-panomanana farany ity seho hatsikana tsy manampaharoa ity ny Ethnika Event mpikaraka ary, nilaza izy ireo fa mipetratraka tsara daholo ny zava-drehetra fa ny fotoana sisa andrasana. Fa ankoatra izay dia haneho ny kantony amin'ny maha mpanao hatsika azy amin'io fotoana io ihany koa i Sombiniaina. Izy no hanafana ny tapany voalohany fa ny tapany faharoa kosa vao hiditra antsehatra i Rodrigue. Nanolotra fihenam-bidy moa ny mpikarakara ka ho an'ity seho ity dia ny tanora lasaky ny 25 taona dia hahazo fihenam-bidy 50 % amin'ny vidin'ny tapakila.

Tiaray R

Forello
Expo

Coorganisateur

Ministère des Transports et de la Météorologie

Parrain

MADAGASCAR

SALON
INTERNATIONAL
TRANSPORTS
LOGISTIQUE
MANUTENTION

3^{ème}
EDITION

REMERCIEMENTS

aux INSTITUTIONS, SPONSORS, PARTENAIRES,
à nos EXPOSANTS et VISITEURS.

Sponsors

Partenaires

GCL 805/2-2

Pantina

Ny hatsarany sy ny vokatsoa azo avy amin'ny fary

Ny fary no zavamaniry voalohany be mpamboly indrindra eran-tany izay mahatratra 1,7 miliara taonina mahery isan-taona.
Maro ny vokatsoa azo avy amin'ny fihinanana fary.



Ny iray vera amin'ny ranom-pary dia misy ranom-boankazo manodidina ny 100 ml izay manome vitaminina B1, B2, B3, vitaminina C, calcium ary ny vy (fer).

Maro ny antony mahatonga ny olona hamboly fary ka ny voalohany amin'izany dia izy no akora fototra ahazoana siramamy. Efa nisy hatramin'ny vanim-potoanan'ny Neolithic ny fary ary inoana fa avy any Nouvelle-Guinée na Indochina no fiaviany vao niparitaka maneran-tany, ka anisan'ny mamboly betsaka izany isika.

Ankoatra ny siramamy dia azo ahodina sy hanaovana alikaola sy Ethanol ny fary. Rehefa voadio tsara ny ranony aorian'ny fanodinana azy amin'ny alambika miaraka amin'ny fangaro hafa dia ahazoana toaka. Voarara aloha izy eto amintsika saingy maro ny manao azy ho antom-pivelomana any ambanivohitra any. Azo sotroiny izy fa tsy azo trandrahina.

Manasitrana aretina maro
Fanafody manasitrana aretina maro ary tena haingampiasa tokoa ny fary. Ireto avy ny aretina sitrany: diabeta sokajy rehetra, homa-

miadan'ny nono, vavony, prostaty, voa, vato (calcul) rehetra, mampatanjaka, mampiakatra ny hery fiarovana, misoroka ny fitohana, miady amin'ny aretini ny indrindra ny olimanara. Azo hanina amin' izao ny fary ary mahasalama tantaraka ny fisotroana iny ranony iny. Fary fotsy no ampiasaina eto noho izy manankarena gliosida maro kokoa.

Zavatra ilaina

Loham-pary matsatso miaraka amin'ilay raviny mbola maitso kely iny sy ilay vodifary miaraka amin' ilay fakany ambany iny tokony ho 250 grama eo dia kapakapao ary afangaroy tsara. Ataovy anaty vilany ary asio rano 4 litatra, avelao hangotraka mandritry ny 30 mn. Avelao hangatsiaka dia tantavano, ka ataovy izay hisotroanao 1 litatra isanandro, mandritra ny 3 andro.

Ranom-pary

Ny iray vera amin'ny ranom-pary dia misy ranom-boan-

kazo manodidina ny 100 ml izay manome anao vitaminina B1, B2, B3, fa koa vitaminina C, calcium ary ny vy (fer).

Ny azo antoka dia be sakaraozy ny ranom-boankazo ary tsara sotroin'ny atleta noho ireo karazan'otrikaina entiny mampiantanentana sy mampazoto. Misy milaza fa mampavitrika ny fisotroana azy ary manala ny fahalainana amin'ny firaisana ara-nofo.

Tsara ho an'ny ankizy ihany koa ny ranom-pary mba hiadiana amin'ny maloilo. Tsara ho an'ireo ankizy marary an-doha lava. Mahomby ihany koa ny ranom-pary amin'ny sery sy ny tenda ary ny gripa. Manatanjaka ny vavony, ny voa, ny fo, ny maso, ny atidoha ary ny taovampananahana ny fary. Manadio rano iainan'ny zaza ao am-bohoka. Manasitrana ny aretina Gripa sy ny Tenda. Mampiakatra nono ho an' ireo vehivavy mampinono.

Nangonin'i Tiaray R

Ampitatafika

Tsy tao ny tompon-trano, norobain'ny olon-dratsy ny entana

Trano iray no norobain'ny olon-dratsy teny Ampitatafika ny alahady hifoha alatsinainy lasa teo. Entana maro no voaroba tamin' izany dia kojakojan-dakozia, télé écran plat iray, radio sub roa, frigidaire kely iray, fatana induction iray, lamba firakotra maromaro, vary tao anaty fitoerany. Nihanika tamboho ry zalahy nahafahana niditra tao amin'ny farit'ilay tanàna ary rehefa

avy eo dia novohainy avy any anatin'ny karetsaka nanokafany ny vavahady. Dia ny varavaram-be eo anoloana no novakian'izy ireo nahafahana niditra tany anatin'ilay trano. Ny varavarana ambiny kosa nihidy daholo. Rehefa izay dia nikanoka izay rehetra tiany nalaina tao ireo olon-dratsy ka nahazoany ireo entana ireo. Olona mpiara-monina amin'ny tompon-trano teo

akaiky teo no gaga raha nahita ny varavaran'ilay trano nisokasoka. Niantso an-telefaonina ny tompon-trano avy hatrany izy, satria tsy tena mipetraka maharitra eo ny tompon-trano fa mandalo fotsiny ihany. Efa tonga tany ny tompon'ilay trano vaky taorian'izay. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo olon-dratsy.

T.H

FIHENAMBIDY GOAVANA BE!

HATRAMIN'NY -40%

<p style="background-color: red; color: white; padding: 2px; font-weight: bold;">DÉMARREUR DXI/VOLVO</p>	<p style="background-color: red; color: white; padding: 2px; font-weight: bold;">CLIGNOTANT DAF 95 G/D</p>	<p style="background-color: red; color: white; padding: 2px; font-weight: bold;">CHEMISE DAF 118MM</p>
<p style="background-color: red; color: white; padding: 2px; font-weight: bold;">GLOBE DE PHARE DAFX DROITE</p>	<p style="background-color: red; color: white; padding: 2px; font-weight: bold;">ALTERNATEUR DXI/VOLVO</p>	<p style="background-color: red; color: white; padding: 2px; font-weight: bold;">CHEMISE ALÉSAGE 127 MM</p>

PLUS DE 1.200 RÉFÉRENCES ET 80.000 PIÈCES

EN STOCK!!

S.T.D.

PIÈCES DÉTACHÉES
POIDS LOURD

034 07 219 53

032 07 219 53

GCL 802/25-5

PETITES ANNONCES *Gazetiko*

FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-7)

MAMPIANATRA

* Mampianatra sary. Manao cheval. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 800/6-6)

COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél

: 034.17.947.22. (G-BA 804/4-3)

VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 801/6-6)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 801/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 801/6-6)

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-5)

MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-12)

* Lamba, poketra, kojakoja, kahie, machine, bisikileta, debara. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-7)

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojakoja, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-5)

Ankadinandriana

Ankizivavy tsy ampy taona nentin'ny tovolahy nitsoaka

Voararan'ny lalàna tanteraka ny fitondràna ankizy tsy ampy taona mitsoaka.

Zary lasa fanaon'ny tanora amin'izao fotoana indray ity manità-kevitra mitsoaka ny tranon-dRay aman-dReniny ity. Ankizivavy iray mbola tsy ampy taona, satria tokony ho fito ambinifolo taona eo indray mantsy no nentin'ny tovolahy nitsoaka ny faran'ny herinandro teo iny. Raha ny fanazavàna azo dia mpisipa izy roa kely ireto ary tokony ho telo amby roapolo taona eo ilay tovolahy. Teny Ankadinandriana-Avaradrano no nahatratraran'ny zandary azy ireo. Voalaza fa nandeha taxi-môtô izy roa, izay avy any Miadanandriana, distrikan'i Manjakanandriana ary saika hiakatra ho aty Antananarivo. Teny andalana anefa dia efa tsy nifanaraka izy roa, satria nangataka tamin'ilay tovo-



Ilay tovolahy !

lahy mba hiverina hody ilay ankizivavy saingy tsy navelany ka notohizana ihany ny dia. Nony tonga teo Ankadinandriana dia nila vonjy tamin'ilay mpitondra taxi-môtô ilay ankizivavy fa hoe hoentiny ilay tovolahy hitsoaka.

Voasambotra

Teo vao taitra ilay mpitondra

taxi-môtô ka nitady hevitra nampandrenesana hain-gana ny zandary tao Anka-dinandriana. Fotoana fohy taorian'izany dia voasakan'ny zandary izy ireo ary nosamborina avy hatrany ilay tovolahy. Nampandrenesina moa ny Ray aman-dRenin'ilay ankizivavy, izay efa sahirana tamin'ny fika-

rohana azy. Eo anatrehan'ny tranga toy izao dia manamafy ny zandary fa voararan'ny lalàna tanteraka ny fitondràna ankizy tsy ampy taona mitsoaka toy izao, midika ho fanodinkodinana zaza tsy ampy taona izany na mpifankatia aza.

R.C

Ambovombe

Roa lahy niady vehivavy, maty voakapa famaky ny iray

Raikitra ny ady teo amin'ireto roa lahy ireto noho ny resa-behivavy. Nifankahatratra tao amin'ny tokantranon'ilay vehivavy mantsy izy ireo ny alin'ny alahady lasa teo, tao Marovotsy- Tsiareky, distrikan'Ambovombe. Tonga dia nifanainga teo izy roa lahy ary samy nanala ny fony, satria nentin-katezerana avokoa. Samy tsy nisy nanaiky izy ireo fa nilaza fa miaraka amin'ilay vehivavy avokoa. Niezaka nandamina azy ireo ihany ilay vehivavy saingy vao mainka nihamafy ny adin'izy roa lahy. Tamin'izay indrindra no tezitra mafy ilay iray ka naka famaky ary tonga dia nasiany tamin'io ny lohan'ilay rafilahiny. Nijininika eran'ny trano ny rà satria tena voa mafy tokoa io. Nikoropaka niantso vonjy ilay vehivavy ary nentina haingana namonjy hopitaly ilay naratra saingy tsy tana ny ainy.

Nitsoaka

Raha vao nahita ny fahavoazan'io anefa ilay namono dia lasa nitsoaka nandositra ka tsy hita ny misy azy. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana kosa ny raharaha amin'izao fotoana izao ka mandeha ny fikarohana io lehilahy nahavanon-doza io. Taitra avokoa moa ny mponina teo amin'ny manodidina raha nandre ny zava-nitranga sy nahita ny fahavoazan'ilay lehilahy iray, izay niafara tamin'ny fahafatesany io. Izany tokoa ilay hoe « ny tendrom-po tsy mba namana » ka aleo atao am-pisainana ihany ny zava-drehetra.

R.C

Sakaraha

Jiolahy mpanakan-dàlana 2 voasambotry ny zandary

Efa maro loatra ny fitarainana voarain'ny mpitandro filaminana mikasika ireo jiolahy mpanakan-dàlana ao amin'ny distrikan'i Sakaraha. Mihorohoro tanteraka mantsy ny mponina amin'ny afitsok'ireo jiolahy. Nanoloana izany indrindra dia nisy ny hetsika nataon'ny zandary ka jiolahy mpanakan-dàlana roa lahy no voasambotra ny faran'ny herinandro lasa teo iny tao amin'ny kaominina Mihavatsy, distrikan'i Sakaraha. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ny namany. Raha ny fanazavàna azo hatrany dia anisan'ireo jiolahy mpana-



Ireo jiolahy voasambotra !

kan-dàlana sy mpanao fanafihana mitam-piadiana ao amin'ny kaominina

Vineta sy Mahaboboka ary Miary ry zalahy ireto. Efa manana tambajotra mihitsy

izy ireo amin'izany ka manao andiany hatrany ry zareo rehefa manao ny asa ratsiny sady mirongo fitaovam-piadiana mahery vaika. Ireo fiara fitateram-bahoaka sy ireo kamiao mpitondra entana na mpanangombokatra no tena ataon'izy ireo lasibatra amin'izany. Tonga dia mahavita mamono sy mitifitra mihitsy ireo jiolahy amin'izany mba hahazoany izay tadiaviny. Maro amin'ireo fiara no tsy sahy mandeha alina intsony hialana amin'ireo mpanao ratsy.

R.C

TATSY SY TAROA

Trano miisa dimy ambinifolo tafo no may nodoran'ny dahalo nandritra ny fanafihana nitranga tao Beraketa Atsimo ny alin'ny 06 aprily lasa teo. Raha ny fanazavàna azo dia nanararaotra ny tsy naha-tao an-toerana ireo miaramila mpampandry tany ireo dahalo nanaovany ny asa ratsiny. Rehefa avy nandroba teo an-tanàna ireo dahalo dia nodorany ny trano. Olona an-jatony no voalaza fa tsy manan-kialofana sy trà-pahasahiranana vokatr'io fanafihana sy doro trano nataon'ny dahalo io. Nanoloana izany dia tonga nanolotra fanampiana ho an'ireo mponina ny solombavambahoaka any an-toerana.

Olona miisa fito no voatery naiditra hopitaly vokatry ny fihinanana sakafo tsy ara-dalàna tao Nosy Boraha, any Sainte Marie. Voalaza fa vokatry ny fihinanana sakafo nisy « mayonnaise » ny alahady lasa teo no nahavoa ireto olona ireto. Misy ankizikely vao dimy taona monja tamin'ireo narary ireo saingy efa tsy misy atahorana ny toepahasalamany amin'izao.

midipubjournal@gmail.com

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Anjozorobe

Olona 2 hafa indray novonoin'ny mpaka an-keriny, 3 nataony takalon'aina

Am-polony izy ireo no niakatra tao an-tanàna ary nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika sady nanapoaka basy.

Mahazo vahana ny fakana an-keriny, arahana vono olona ao Anjozorobe. Miho-rohoro ny vahoaka any ambanivohitra'ity distrikaity amin'izao. Ankoatra ilay tao amin'ny fokontany Ambohimahamory dia nandihizan'ny dahalo ihany koa tao Fieferana, akaikin'Antanandava, omaly alina. Olona telo (ankizy sy olon-dehibe roa) no maty voatifitra tao ary telo hafa nalain'izy ireo an-keriny. Araka ny angombaovao dia nanomboka tamin'ny 7 ora hariva no efa nanao ny nataony ireo mpaka an-keriny ireo. Am-polony izy ireo no niakatra tao an-tanàna ary nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika sady nanapoaka basy, nentina nandrahonana ireo mponina. Trano maromaro no nidiran'izy ireto. Izany hoe sady nandroba ry zareo



Kaominina Fieferana. (Tahirin-tsay)

no naka olona nataony takalon'aina. Efa mandeha ny fanarahan-dia ataon'ireo mpitandro ny filaminana. Na izany aza, hatreto dia mbola any am-pelatanan'ireo olondratsy ireo olona lasa ankeriny ireo.

Fandoavam-bola

Tsiahivina fa vao nanao antso avo ny havan'ireo namoy ny ainy sy olona lasan'ny dahalo an-keriny tao amin'ny fokontany Ambohimahamory, distrikan'Anjozorobe. Raha ny vao

farany dia efa votsotra ireo telo mianadahy voatazona an-keriny ireo, afak'omaly tokony ho tamin'ny 7 ora hariva. Salama tsara izy ireo ary tsy misy ahiana ny aminy. Na izany aza voalazan'ny fianakaviany fa nisy ny fandoavam-bola ho takalon'ny famotsorana an'ireo lasibatra. "Tsy nitazam-potsiny ny tomponandraikitry ny filaminana. Olona 3 dahalo raindahiny no lavon'ny mpitandro ny filaminana.

Olona 4 ihany koa no nifanenjehana ary maty voatifitra koa ireo. Mbola mitohy ny fikarohana. Ny angatahanay fanjakana sy ny mpitandro ny filaminana dia aza afenina ireo olondratsy », hoy ny lehiben'ny distrikan'Anjozorobe, raha nitafa tamin'ny mpanao gazety. Fantatra moa fa hamafisina ny fametrahana mpitandro filaminana sy biraon'ny zandary any an-toerana.

Deyland

Ambohimalaza

Lehilahy niaraka tamin'ny zanany tsy salama, niakarapoka maty teny an-dalana

Lehilahy iray 27 taona no maty niakarapoka tampoka teny an-dalana teny Ambohimalaza raha niaraka tamin'ny zanany ny alahady hariva lasa teo. Araka ny fanazavana azo dia tsy salama io zanany io ary handeha hitondra azy handeha hiotra ity rangahy ity. Iny nandeha teny an-dalana anefa izy mianaka no niondrika naka zavatra ambany ralehilahy ka rehefa nitrika tampoka izy dia nianjera ary nanom-

boka teo, dia tsy nahatsiaro tena intsony. Nivoaka faratra ny vavany ary nisy ra kely amin'ny sofiny. Rehefa nahafantatra ny zavaintranga ny fianakaviany dia nitondra azy haingana namonjy tobim-pahasalamana tany amin'ny CSBII Ambohimalaza saingy efa tsy nisy aina intsony nony tonga tany. Araka ny filazan'ny dokotera dia fahatapan'ny lalan-drà no nitarika ny fahafatesan'ity lehilahy

ity. Efa nampandrenesana mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka tonga nanao fizahana tany an-toerana ny zandary.

Fifanolanana

Natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'izay saingy tamin'io fotoana io indray dia nisy fifanolanana teo amin'izy ireo, satria nilaza ny ray aman-drenin'ny maty fa tonga dia hoentina eny Alasora ny razana. Tsy nanaiky izany anefa ny

vadin'ny maty, hoy ny fanazavana azo. Niditra nanelanelana nandamina ny disadisa ny zandary. Tapaka nandritra izany fa handrasana eny Ambohitremo, toerana nipetrahany maty fony fahavelony, aloha ny razana ary taorian'izay vao nentina nankany Alasora. Efa nasiana zandary manao fisafoana eny an-toerana mba hisorohana ny olona mety hiseho.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.



Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Ilay vehivavy voatifitra.

T.H

Mahitsy

Andian-jiolahy nisandoka ho zandary nanafika tokantrano

Tokantrano iray no notafihin'ny jiolahy nisandoka ho zandary tany an-toerana ka lasan'izy ireo tamin'izany ny vola efa alina ariary sy solosaina entina an-tanana iray, finday roa tao ampivarotana niampy peratra teny an-tanan'ilay ramatoa tompon-trano. Tany amin'ny fokontany Ambohimahavelona, any amin'ny kaominina Mahitsy, no nisehoan'izany ny alahady hariva lasa

teo. Tokony ho tamin'ny 7 ora sy sasany tamin'io fotoana io, raha iny mbola nisasa teny an-tokotany iny ity farany, no tonga avy any ny lehilahy iray nitsofoka tao an-tanànany. Nanao fanamiana miaramila "tenue de combat" io lehilahy io tamin'io fotoana io ary nitonona ho zandary ka nilaza fa tonga hanao fisavana ny trano, satria lazainy fa misy basy kalachnicov miafina ao.

Nino izay nolazainy avy hatrany ilay ramatoa ka nasainy nandroso nankany ambony rihana. Tamin'izay fotoana izay anefa dia narahina lehilahy manao fanamiana sivily telo hafa izy ireo. Ka rehefa tafakatra tany ambony dia hatairana ny an'ilay vehivavy fa tonga dia nanambana antsy azy ireo jiolahy sady nitaky vola telo tapitrisa ariary.

Tafaportsaka

Rehefa nahafantatra ilay rangahy vadin'ilay ramatoa tompon-trano fa jiolahy ireto tonga tao an-tranony ireto dia nitady hirika nahafahana nitsoaka tany ivelan'ny trano ka tafaportsaka avy eo amin'ny varavarankely nandeha niantso vonjy. Fa nandritra izany rehefa tsy nahita io vola notadiaviny io ireo olon-dratsy dia naka izay tiany nalaina tao, dia io

vola sy entana mora nobatana io ary firavaka volamena. Nandritra ny fotoana vitsy monja satria teo amin'ny dimy minitra no nanaovan-dry zalahy ity fanafihana ity. Tsy nanapoaka basy izy ireo nandritra izany. Rehefa vita ny asa ratsiny dia lasa nitsoaka ireo jiolahy ary nizotra nianatsimo ny lalany. Nivoaka avokoa ny fokonolona avy eo ary efa vory lanona handeha hanao

fanarahan-dia. Tetsy andaniny, efa nampandrenesina mikasika ity asa ratsy ity ny zandary tany an-toerana ka nanampy ireo fokonolona. Efa nilazana ihany koa ireo andrimasom-pokonolona amin'ny fokontany manodidina nanampy tamin'ny fikarohana fa tsy hita ireo jiolahy. Mitohy ny fanadihadiana sy ny fikarohana.

T.H

Antenimierampirenena

Ny filoha lefitra Jean Jacques Rabenirina no eken'ny lalàna hanao sonia taratasim-panjakana

Tsy manan-kery ny taratasy soniavin'ny tompon'andraikitra hafa, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fanafoanana ny didim-pitondrana manendry ny talen'ny arofenitra eo anivon'io andrimpanjakana io.

Taorian'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitsarana avo momba ny lalam-panore-nana, nanala ny filohan'ny Antenimieram-pirenena teo aloha tsy ho solombavambahoaka intsony, dia ny filoha lefitra zokiolona indrindra ao amin'ny birao maharitra no no miandraikitra vonjimaika ny fitantanana io andrimpanjakana io, izany hoe eken'ny lalàna hanao sonia ny taratasim-panjakana mahakasika ny Antenimierampirenena sy manan-jo hitarika fivorian'ny mpikambana ao amin'ny



Ny toeram-piasan'ny minisiteran'ny fampianarana ambony. (Sary tahiry)

birao maharitra. Ny depiote Jean Jacques Rabenirina izay tsiahivina fa solombavambahoaka, voafidy tany Betioky sady filoha lefitry ny Antenimierampirenena misolo tena ny faritanin'i Fianarantsoa. Itsy farany izay efa nandray ny toerany amin'ny maha filoha vonjimaika azy, andro maromaro lasa izao. Ny dikany, tsy manan-kery ny taratasy soniavin'ny tompon'andrai-

kitra hafa, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fanafoanana ny didim-pitondrana manendry ny talen'ny arofenitra eo anivon'io andrimpanjakana io, nivoaka tamin'ny 15 aprily lasa teo, izay ny filoha lefitra misolo tena ny faritanin'Antananarivo no nanao sonia izany. Ny fanendrena ny talen'ny arofenitra izay marihina fa ny filohan'ny Antenimierampirenena no nanao sonia

izany. Ny dikany, ny tompo-n'andraikitra eken'ny lalàna hisolo toerana vonjimaika itsy voalohany irey ihany no afaka manao sonia ny fanafoanana izany ary tokony hangatahana ny hevity ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra. Heverina fa tsara ihany ny hampahatsihivana ny tranga toy izao mba tsy ho zary fomba fanao any aoriana.

V.R.

Marina izany !

Hojerem-potsiny ve !

Ny teo ihany no miverina. Io no azo amintinana ny zavamisy roa amby roapolo andro mialoha ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra. Tsy miova mantsy ny fomba fanaon'ny mpanao pôlitika, rehefa ankatoky ny fifidianana toy izao. Sesilany ny hetsika anambatambazana vahoaka, amin'ny alalan'ny fizarana fanomezana. Ary tsy vitan'ny singasinganina ny olona omena azy ireny fa misy tambiny. Toy izany koa ny fampiantanana sy ny fitaka samihafa. Ny zava-nitranga tamin'ny boriborintany sasantsasany teto an-drenivohitra ohatra dia misy iraka manokana mandray ny laharan'ny kara-pifidianan'ireo ampanantenaina homena fanomezana. Tonga amin'ny fitenenana hoe miteny ho azy ny sary, Misy ny sahy mijoro vavolombelona, mifankahalala raheteo ny eny amin'ny fiaraha-monina eny. Toy ny efa fanao tany aloha dia mahazo vahana ihany koa ny fanamparan-pahefana sy ny fandikan-dalàna ataon'ny olom-panjakana sasantsasany eny ifotony. Asa noho ny baiko ve sa noho ny fanapahan-kevitr'izy ireo manokana? Heverina fa anisan'ny mampanjaka ireny fandikan-dalàna ireny, na an-tsitraro na terena, ny fisian'ireo mpikambana ao amin'ny governemanta kandida. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe Hojerem-potsiny indray ve? Rahoviana isika vao hanara-dalàna ? Aiza no hiafarana raha ny any an-tampony tokony ho mōdely indray no mivilana? Ny zava-misy eny an-kianja dia tsy vitsy ny kandida avy aty amin'ny fanoherana no tsy manaiky lembehana, manoloana ireny fandikan-dalàna ireny. Tranga ahatarafana sahadry ny mety hiseho, rehefa raikitra ny fampielezan-kevitra na koa ny andron'ny fifidianana sy ny famoahana ny vokatra! Toejavatra ahiana hiteraka savorovoro indray !

Voahangy Rakotozafy

Mpikamban'ny governemanta kandida depiote

Ahiana ho votso-droa ny sasany, sady tsy ho tafaverina minisitra nefa tsy ho tonga eny Tsimbazaza



Ireo mpikamban'ny governemanta, hifaninana amin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza.

Mifantoka amin'ny fifidianana solombavambahoaka ny mason'ny mpanarabaovao na dia mbola misy iray volana mahery aza ny fiatrehana izany. Mety hisy fiovon-javatra betsaka hitranga anefa ao anatin'izay roa volana mahery izay, indrindra eo anivon'ny fitondrana foibe. Raha ny fantatra dia minisitra fito ampérinasa amin'izao fotoana izao no nilatsaka hofidiana solombavambahoaka amin'ny fifidianana hatao ny 27 mey ho avy izao. Omaly, nahazoam-baovao marim-

pototra fa nisy tamin'ireo mpikamban'ny governemanta ireo no efa name-traka ny taratasy fametraham-pialàny amin'ny maha minisitra azy ary misy kosa ireo mbola tsy nanao izany na dia efa neken'ny OVEC aza ny filatsahan-kofidiany. Azo antoka anefa fa tsy maintsy hotanterahina ny fametraham-pialàna, mba tsy hahatonga ireo kandida ireo ho tratan'ny fakam-panahy ka hampiasa fitaovam-panjakana sy ny fahefana ananany hanamora ny fahalaniany. Ao

anatin'izany rehetra izany, deraina ny fahasahian'ireo minisitra ireo ho kandida, saingy tsy vitsy amin'ny mpanarabaovao no manahy sao ho latsaka anelanelany ny maro amin'izy ireo ka sady tsy ho tafaverina minisitra no tsy ho lany solombavambahoaka. Antony, saika kandida vaventy avokoa mantsy ny ankamaroan'ireo hifaninana amin'izy ireo any amin'ny distrika nilatsahany any. Ny maro amin'izy ireo rahateo sambany vao hirotsaka hofidiana ho mpikamban'ny

Antenimierampirenena, fa fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsain'ny tanàna no efa nandraisan'ny sasany anjara.

Manan-katao

Heverina araka izany fa hafana ny fampielezan-kevitra satria na dia kandida-panjakana aza izy ireo dia manan-katao sy efa samy manana ny mpanohana azy avokoa ireo kandida vaventy hifaninana. Raha tsiahivina, ireto avy ireo mpikamban'ny governemanta nirotsaka ho

kandida depiote ireo: ny minisitry ny fanabeazampirenena Marie Michèle Sahondrarimalala, kandida any amin'ny distrikan'i Fianarantsoa I; ny minisitry ny mponina Fomendrazza Haingo Elisette, kandida any amin'ny distrikan'Ambo-sitra; ny minisitry ny Atitany Tokely Justin, kandida any amin'ny distrikan'i Sambava; ny minisitry ny fanatanjahantena Haja André Resampa, kandida any amin'ny distrikan'i Morondava ; ny minisitry ny serasera sy ny kolontsaina,

Augustin Andriamanoro, kandida etsy amin'ny Boriborintany voalohany ; ny minisitry ny fampianarana teknika, Lalatiana Rakoton-drazafy, kandida any Faratsiho ary ny minisitry ny Fampanarana Ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa.. Raha ny fanazavana hatrany dia miandry ny lisitra ofisialin'ny CENI ireto Minisitry ireto dia hametra-pialana amin'ny maha mpikambana ao amin'ny governemanta azy raha toa ankatoavina ny filatsahan-kofidiany'izy ireo.

Mamy R.

Tsimbazaza

Mety hiverina ny fomba ratsy taloha raha lany ireo kandida nahiliky ny antokony

Tsy vitsy ireo milaza ao anatin'izany fa mety hiansampy any amin' izay mahatolototra azy ireo kandida nahiliky ny antokony ireo raha voafidy eo.

Miainga amin'ny ambaran' ny andininy faha-68-n'ny Lalampanorenana dia natao hanara-maso ny asan'ny Andrimpanjakana mpanatanteraka ny Andrimpanjakana mpanao lalana, ahitana ny Antenimierampirenena sy ny Antenimieran-doholona. Niarahan' ny rehetra nahatsikaritra, nandritra ny fitondrana teo aloha fa tsy nisy loatra izay adivevitra izay, teny Tsimbazaza, nandritra ny fotoana anaovan'ny governemanta tatitra ny asa vitany sy nandritra ny fandanihana tolo-dalana. Ny zava-nisy dia na manasohaso ny mpikambana ao amin'ny governemanta ny solombavambahoaka na mangataka ny hanorenana fotodrafitrasa. Ireo depiote vitsivitsy mba nahasahy nanakiana ny governemanta dia toa fombafomba fotsiny ny ankamaroany



Ireo mpikamban'ny Antenimierampirenena ankehitriny.

nampisehoana tamin'ny olom-pirenena nanaraka mivantana ny fifanatrehana fa miaro ireo vahoaka any amin'ny distrika nahavoafidy azy ny depiote. Ankoatra ireo, raha ny vokatra ny fanadihadian'ireo firaisamonim-pirenena mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly, dia niteny ihany koa ny vola teny amin'izany andrimpanjakana mpanao lalana eny Tsimbazaza izany rehefa raikitra ny fandanihana tolo-dalana.

Hifampitana tanteraka

Antony, araka ireo solombavambahoaka ireo ihany,

dia tsy notezaina tao anaty antoko ny ankamaroan'ireo solombavambahoaka lany tamin'izany ka nanao izay fomba nahazoana tombontsoa manokana fotsiny. Isan' ny nanome endrika ratsy io Antenimierampirenena io tamin'izany, hoy hatrany ny fanazavana, ireo kandida nilatsaka tamin'ny anaran' ny tenany manokana ary indrindra ireo kandida nahiliky ny antokony kanefa mbola voafidim-bahoaka ihany. Ankehitriny, tsy vitsy amin'ny mpanao politika sy ny olom-pirenena no manahy fa mety hiverina izany

fomba ratsy izany amin'ny fotoam-piasana manaraka raha lany ireo kandida marobe nilatsaka tamin'ny anaran'ny tenany manokana sy nahiliky ny antokony. Na izany na tsy izany, efa manomboka mazava ankehitriny ny ho firafitry ny Antenimierampirenena amin'ny fotoam-piasana manaraka. Heverina mantsy fa hifampitana tanteraka ireo olomboafidin'ny fianakaviamben'ny mpanohitra sy ny olomboafidin'ny mpanohana ny fitondrana mandritra izany. Dia ho hita eo!

Mamy R.

Kandida tsy miankina amin'ny bakalorea

Hitoby amin'ny renivohi-paritra amin'ny faritany 6

Niteraka resabe, tamin'ny taon-dasa ny fiparitahan'ny laza adina bakalorea, mia-loha ny fotoana. Volana maromaro mialoha ny datimpanadinana dia nandray fepetra hisorohana ny olana miverimberina ny minisitera mpiahy, tamin'ny alalan'ny filohan'ny oniversite, ny 15 febroary lasa teo. Ary anisan'ny tapaka nandritra ny fivorian'ny filankevitry ny filohan'ny oniversite, notanterahina teny amin'ny tranofiasan'ny minisiteran'ny

fampianarana ambony sy ny fkarohana ara-tsiansa ny fanatobiana ireo mpanala fanadinana bakalorea, amin'ny anaran'ny tsy miankina rehetra, amin'ny efitrano mitokana sy ny hanatanterahan'izy ireo izany, amin'ny renivohi-paritra, amin'ny faritany enina mba hanamafisana ny fanaraha-maso. Ary tsy misy mpianatra havahana. Araka ny voasoratra ao anatin'ny naoty mirakitra io fanapahankevitra io dia nomena ny

dika mitovy avokoa ny minisitra mpiahy mba ho tatitra; ny sekretera jeneraly ho fampahafantarana ary ny tompon'andraikitra isantokony voakasiky ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny bakalorea, eny anivon'ny lisem-panjakana.

Ny fanampim-baovao samihafa no nahafantarana fa nitombo, mihatra amin'ny teo aloha ny isan'ny mpiadina hiatrika ny bakalorea, amin'ny anaran'ny tsy mianika, amin'ity taona ity.

V.R.

Filankevitry ny minisitra

Mpikambana anatin'ny governemanta vitsivitsy tsy hanatrika izany anio !

Hotanterahina ao andrenivohitr'i Toamasina ny Filankevitry ny Minisitra, anio alarobia. Tsy toy ny mahazatra fa hisy fahabangana ny toeran'ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta. Izany hoe Minisitra vitsivitsy no mety tsy hanatrika any an-toerana noho izy ireo mandray anjara amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Raha ny tokony ho izy dia nametra-pialana avokoa izy 7 mianadahy hiantsehatra amin'ny fifidianana hatao amin'ny 29 may 2024. Minisitra iray anisan'ireo no efa nanamafy fa « tsy maintsy mametra-pialana rehefa hirotsaka hofidiana isika mitazona andraikitra ambony anaty fitantanan-draharaha arapanjakana ». Na izany aza tsy mahasakana ny filankevitry ny Minisitra ireo rehetra ireo.

Fitokanana zava-bita

Fantatra rahateo fa feno ny fandaharam-potoanan'ny Filoha Andry Rajoelina manomboka anio alarobia. Ny alakamisy kosa dia hanao fitsidihana ifotony ny fandrosoan'ny asa any an-toerana ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, miaraka amin'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, Ntsay Christian. Hitohy any Fenoarivo Atsinanana sy Soanierana Ivongo ny dia ny zoma sy asabotsy. Efa vonona amin'ny fandraisana an'ireto ray aman-drenin'ny firenena ireto rahateo ireo tomponandraiki-panjakana any ifotony. Tsara moa ny mampahatsiahy fa ny renivohitr'i Toamasina no voalohany handray Filankevitry ny Minisitra mitety faritra toy izao. Ankoatra io filankevitry io dia hisy ny fitokanana zava-bita sy fitsidihana fotodrafitrasa maro. Anisan'izany ny arabe migodana mihazo ny seranan-tsambon'i Toamasina sy ny lalam-pirenena faharoa. Eo koa ny fanamboarana ny lalana « Boulevard Ratsimilaho. Ny any amin'ny faritra Analanjirifo kosa dia ny fitokanana sekoly ambony, na ny « Université ao Fenoarivo Atsinanana »...sns. Tanjon'ny fitondram-panjakana hatrany ny hanatona sy hanakaiky vahoaka, ary hitondra ireo vahaolana sy fampandrosoana miainga eny ifotony.

Deyland



Ny Filoha Rajoelina no hitarika Filankevitry ny minisitra ao Toamasina.

Contactez-nous **directement** PAR MAIL

dokamidi@gmail.com

TOLOTRA MANOKANA *Gazetiko*

Noho ny fahatrarany ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."

Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

Anarana : _____ Fanampiny : _____

Adiresy : _____ Nomerao C.I.N : _____ Tél. : _____

Vary simba 124 taonina nodorana sy nalevina

Nofongarin'ny olona hohanina indray, nanaparitaka ny mpitandro filaminana



Famotehana ireo vary simba.

Nanao tampody fohy ireo olona rehefa lasa ny mpitandro filaminana.

Tadindonin-doza ny fahasalamam-bahoaka. Vary efa simba 124 tanonina no saron'ny Toamasina. Nirosoana tamin'ny alatsinainy lasa teo ny famotehana ireo vary ireo, koa tao Antsarimasina no namotehana ny 60 taonina ary tany Barikadimy no namotehana ny 64 taonina. Taorian'ny fandorana sy fanotorana ireo vary tao ambany tany, izay niarahany ny OMC notarihin'ny

Tonia mpampanoa lalàna eo anivon'ny Fitarana ambaratonga voalohany ao Toamasina sy ny zandary ary ny pôlisy sy ny fitaleavamparity ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ao Atsinanana, anefa dia nisy andian'olona tonga namongatra ireo vary tao Antsarimasina ny alin'ny alatsinainy ihany. Tonga teny antoerana nanaparitaka ireo olona ireo ny mpitandro ny filaminana vantany vao naheno ny vaovao. Mbola niverina teny amin'io toerana io ihany anefa ireo olona ireo rehefa lasa ireo mpitandro filaminana. Tsy azo hanina intsony fa



Ireo olona tonga namongatra ny vary tao Antsarimasina.

mitera-doza ho an'ny fahasalamam-bahoaka no antony namotehana ireto vary ireto.

Vy very ainy

Hita taratra tamin'ity tranga ity fa mihahirana ny ankamaroan'ny Malagasy, ka manao vy very ny ainy mihitsy amin'ny fitadiavana izay harapaka. Ny vidin'ny vary rahateo efa mila tsy ho takatry ny fahefa-mividin'ny besinimaro, eny fa na dia nambaran'ny fanjakana aza fa efa nisy fidinany. Raha hiverenana kosa ny momba ireo vary tratra tamin'ny toerana voalohany etsy ambonny, dia teo ampana-

diovana ireo vary simba efa nogiazana mihitsy ny tompony no saron'ny mpanaramaso avy amin'ny Fita-leavana ao Atsinanana sy ny zandary. Mampametrapanontaniana ihany ny fisian'ireo vary simba verivery fotsiny eto amintsika kanefa ny vidim-bary midangana. Anisan'ny nahitana vary simba tamin'ny kaontenera 50 tany Mahajanga tamin'ny faramparan'ny taona 2023, ary vary simba 35 tamin'ny 1 676 gony tany Toamasina tamin'ny volana janoary tamin'ity taona ity. Samy nopotehina avokoa ireo vary ireo.

R. Muray

Fasan'ny Karàna

Nitokona ireo mpivarotra manohitra ny fitakiana haba ataon'ny kaominina

Tsy mety tapitra ny savoro-vooro mikasika ny raharaha haban-tsena eto Antananarivo Renivohitra. Omaly maraina, nifamotona teny amin'ny tobim-piantsonana rezonaly Fasan'ny Karàna ireo mpivarotra tsy mankasitraka ny fakana haban-tsena mivantana ataon'ny kaominina. Hita teny antoerana ny solontenan'ireo mpivarotra ao anatin'ity toby ity sy ny avy amin'ny FMA (Fikambanana Mpivarotra Ambodinisotry) ary ny FI.MA (Fikambanana Mandresy). "Ny fampiasana ilay karatra biometrika nape-traky ny mpitantana ny tanàna teo aloha dia antoka ho an'ny fahamarinan-toerana ny mpivarotra no sady hahafahana misoroka ny kolikoly amin'ny fikirakirana vola mivantana. Mitaintaina foana izahay teo aloha hoe hafindra ho aiza indray, kanefa rehefa nampiasa ilay karatra dia tsy voakitikitika



Nilanja sora-baventy ireo mpivarotra.

mihitsy. Ny 35 isanjaton'ny mpivarotra no efa mampiasa ity karatra ity, koa maninona raha manohy ny fandoavana ny haban-tsena amin'ny alalan'io fitaovana io izahay ? Hatramin'ny nivoahan'ny naoty famerenana ny fitakiana ny haban-tsena mivantana dia mandeha ny ramatahora sy ny antsojay atao aminay. Inona

no antoka ho anay fa tsy hoesorina amin'ny toerana misy anay izahay raha ajanona ilay karatra biometrika ? Iny mihitsy no tena maha ara-dalàna anay. », hoy ny filoha leftiry ny FMA, Raharimalala Lanto Olga.

Mikomy

Ho mariky ny fanoheran'izy ireo ity fomba fiasa nape-traky ny kaominina ity dia

mikomy tsy mety mandoa haba izy ireo. Notakian'ireto farany koa ny mba hijoroan'ireo mpanolotsaina monisipaly, izay nifidy ity fehezampitsipika ity. Na izany aza, nilaza izy ireo fa vonona hifampidinika sy hifampiresaka, saingy nanamafy fa vonona hiaro ny fampandrosoana nimatimatesan'izy ireo raha fihemoarana no resaka. Tsihivina koa fa vao afak'omaly no nanao fitokonana fanairana ireo mpiasan'ny kaominina sy ireo solontenan'ny mpivarotra mankasitraka ny fitakiana hetra mivantana ataon'ny kaominina. Efa nivoaka anefa ny didy avy amin'ny Fitarana miady amin'ny fanjakana manatsahatra ny naoty navoakan'ny delegasionina manokan'ny tanànan'Antananarivo. Mbola mijanona ao anatin'ny fisavorovoroana araka izany ity raharaha ity.

R. Muray

Taratasy ho an-dRamala

Solitany !

Any Ramala, Asa raha mba manara-baovao ny mpiray tanàna sy ny mpiray tanindrazana amintsika eto Ramala fa misy zavatra miseho indray any ivelany any. Nisy fiantraikany eo amin'ny tsehan'ny solika mantsy ny ady any Andafy any ao amin'ny faritra antsoina hoe « Afovoany atsinanana » ao. Raha vantana, nisy fiantraikany sahady eo amin'ny vidin'ny solitany ilay fanafihana nataon'ny firenena iray tamin'ny firenena iray samy ao anatin'io faritra io, izay vao nitranga farany ny sabotsy alina hifoha alahady teo. Ny somary mahagaga amin'izy ity aza Ramala dia nidina ny vidin'ny solitany mbola tsy voadio eo amin'ny tseha iraisam-pirenena. Raha ny fahita anefa dia tokony hampiakatra ny vidiny ny ady. Mety hisy angamba hanao hoe « ka tsy tsara ve izany » ! Tsy lavina fa amin'ny lafiny iray dia tsara tokoa raha hoe mampidina ny vidin'ny solitany ilay izy ho an'ireo firenena mpanafatra fa tsy mba manana. Fa ankilany miteraka voka-dratsy ny ady Ramala. Tsy vitan'izay fa angaha moa Ramala mba misy fiantraikany eo amin'ny vidin'ny solika hafaran'ny firenentsika akory na midina aza ny vidin'ny solitany tsy voadio eo amin'ny tseha iraisam-pirenena e ! Mifanohitra amin'izany, io vidin'ny solika eto amintsika io aza anie hono ka mbola vidiny tsy tena izy fa eritreretina mbola hakarina amin'ny fotoana tsy fantatra e ! Fa hono ho aho Ramala, raha sanatria aza atao hoe miakatra tampoka indray ny vidin'ny solitany tsy voadio eo amin'ny tseha iraisam-pirenena, raha sanatria ka mitatra io ady io, na atao hoe manana olona eo amin'ny fanafarana na famatsiana solika ny firenentsika fa angaha moa tsy naman'ny firenentsika ny sasany amin'ireo mpamokatra solitany ao amin'io faritra « Afovoany atsinana » io ? Dia inona fotsiny izany Ramala no ananana azy ireo ho namana ? Vao oviana anefa toa tazana nivezivezy tany an-dapa sy teny Andafiatsimo teny foana ny sasany amin'ny solontenan'izy ireo ? Fa ny firenentsika ve izany Ramala no tena manambitamby azy ireo sa ry zareo ireo no manambitamby antsika a ! Raha tsy hitondra soa na hisy vokany ho an'ny tanindrazantsika ilay izy, inona moa no ifanambatabazana ? Mba tsara ampahatsiahivina ihany Ramala fa ny razambentsika tany aloha anie matoa nanaiky hiara-hiasa tamin'ireo Vazaha ireo ka nisy tombontsoa azony tao e ! Ny tena marina aza dia ny Vazaha no nanambitamby antsika voalohany. Efa lava misy hosainina izay Ramala fa hofaranana eo aloha ny androany, amin'ny manaraka indray.

Ragasy

Hetsika fampirantiana SITLM

Nahazo mpitsidika maherin'ny 600 isan'andro

Notanterahina tamin'ny 11 ka hatramin'ny 14 avrily, tao amin'ny Forello Expo Tanjombato, ny SITLM (Salon International Transports Logistique Manutention). Fahombiazana tanteraka no azon'ny mpikaraka tamin'ity andiany fahatelo ity. Tsy latsaky ny 600 isan'andro ireo mpitsidika tonga teny antoerana nandritra ny efatra andro nifanesy. Raha nampitahaina ny tamin'ny taona 2019 dia niakatra koa ny isan'ny mpandray anjara, satria 108 ny tamin'ity andiany ity raha tsy nisy afa-tsy manodidina ny 50 ny tamin'ny dimy taona lasa. Niavaka ny fisian'ireo mpampirantany misehatra amin'ny fanamboarana « Drone », ny fiara mandeha amin'ny herinaratra, ny fanaovan-draharaha avo lenta mampiasa ny hay tao amin'ny sehatry ny fitaterana, sns. Nahasarika olona maro indrindra fa ireo tanora ny toerana natokana ho an'ny fitadiavana asa sy ny tolotra fampiofanana. Nahazo vahana koa ny lafiny ara-tontolo iainana noho ny fisian'ny toerana malalaka, izay natokana ho an'ireo orinasa misehatra amin'izany. Anisan'ny tanjona lehibe nokendrena tamin'ny fanatanterahana ity hetsika ity ny fanampiana ireo orinasa hivelatra amin'ny manodidina azy andaniny sy ny fanomezam-baovao ho an'ny vahoaka mikasika ny fivoaran'ny hay tao eo amin'ny sehatry ny fitaterana ankilany.

R. Muray

Fanamboarana simenitra

Tanora 150 hiofana sy hianatra hanamboatra milina



Tanjon'ny roa tonta ny hahafahan'ny tanora miditra amin'ny sehatr'asa avy hatrany.

Notanterahina omaly tetsy amin'ny foiben'ny minisiteran'ny fianarana teknika sy fiofanana araka asa Ampefiloha ny fanaovan-sonia fiarahamiasa teo amin'ny minisitra Lalatiana Rakotondrazafy sy ny Tale Jeneralin'ny vondrona Alpha Cement. Tsy vao izao no niaraka niasa ny roa tonta fa efa an-taona maro, eny tamin'ny fotoanana naha Holcim sy Cimentis ity orinasa ity. Mitovy ny tanjona tratarina dia ny fampiofanana araka asa mba hahafahan'ireo tanora marobe mahita asa mifanaraka amin'ny fianarana nataony. Etsy ankilan'izany, mamokatra akora tena ilain'ireo mpianatra mianatra asa ihany koa ny Alpha Cement ka tafaraka ny tia sy ny manina. Hisy noho izany fampiofanana mpampianatra atao any Antsirabe ka na vita aza ny tetikasa dia mbola afaka mitohy ny asa fa tsy mijanona eo. Hisy ihany koa fiofanana araka asa omena ireo tanora 130 hatramin'ny 150 eo any Antsirabe sy ny manodidina mba hahafahana mamokatra akora ilaina amin'ny fanamboarana trano, toy ny parpaing na ny pavé. Eo ihany koa ny tontolo manodidina ny rohipihariana simenitra mba hahafahana miantoka ny famokarana akora fanaovana taontrano. Sady hanampy ireo mpanao asa tanana hanamboatra milina fanamboarana simenitra isika. Hanomboka ny 28 aprily izao ny fiofanana ary mifarana amin'ny 6 jona 2024 ny tetikasa. Milina atao tanana ka any amin'ny CFP Antsirabe no atao ny fampiofanana. Avy hatrany dia fiofanana pratika no omena azy ireo. Aorian'izay, afaka miditra amin'ny asa avy hatrany izy ireo mba tsy ho vesatry ny fiarahamonina intsony ary efa manana fitaovana azo iatrehana ny tontolon'ny asa avy hatrany. Nilaza moa Rtoa Lalatiana Rakotondrazafy fa omaly no fotoana farany hiasany amin'ny maha minisitra azy fa tsy maintsy mametra-pialana izy hiatrika ny fifidianana ho solombavam-bahoaka.

Nath

Toamasina

Niroso tamin'ny fanesorana mpivarotra ny kaominina

Olobe maromaro eto amin'ny firenena no any an-toerana.

Nanomboka omaly ny fanesorana ireo trano fivarotana manamorona ny lalana Ratsimilaho rehetra nataon'ny kaominina andrenivohitr'i Toamasina. Anisan'ny voakasik'izany ny fivarotana Poisson d'or sy ny Chez moi, izay trano azo lazaina fa lehibe. Araka ny fanazavan'ny avy eo amin'ny kaominina dia efa am-bolana maro no nanomboka ireo dingana rehetra sy fifampiresahana nahatongavana amin'izao fandravana izao. Eo anatrehan'izany, mizotra tsara ny tetikasan'ny filoha, indrindra fa amin'ny fanarenana iny lalana iny, ary mendrika zavatra tsara sy milamina rahateo ny vahoakan'i Toamasina. Niarahan'ny rehetra nahita tokoa fa lasa feno toeram-pivarotana be amin'ny amorondranomasina iny, ka na ny endriky ny tanàna aza niova tanteraka sady hita mikorontana.



Maromaro ireo toeram-pivarotana noravaina tao Toamasina.

Etsy ankilany, tsy lavitra eo ny tetikasa Miami izay manome endrika tsara ny tanana. Anisan'ny tokony hojeren'ny tomponandraikipanjakana any an-toerana ihany koa ny tsy fandriampahalemana miha mahazo vahana any an-toerana. Vao maizina mantsy ny andro dia efa tsy misy sahy

mivoaka ny olona, indrindra ireo vahiny sendra mandalo any noho ireo mpanao sintomahery na ireo mpandaka izay, satria ahitana azy avokoa any andrenivohitry ny faritra Betsimisaraka. Ny lalana simba ihany koa tsy tokony hatao ambanin-javatra fa mila amboarina faran'izay hain-

gana. Indrindra amin'izao fotoana maha any an-toerana ireo olobe eto amin'ny firenena izao, tokony ahita ny fahoriana iainan'ny vahoakan'i Toamasina, indrindra fa ny rano miakatra raha vao mirotsaka bebe ny oran'andro, izy ireo.

Nath

Asa vaventy sy fananganan-trano

Tanora 85 mianadahy nahavita fianarana

Nozaraina omaly ny fanamarinana nahavitana fiofanana, na "certificat" ho an'ireo mpianatra 85 mianadahy. Niofana mikasika ny asa vaventy sy ny fananganan-trano izy rehetra ireo. Nambaran'ny minisiry ny fiofanana araka asa sy fampianarana teknika Lalatiana Rakotondrazafy : "Nisy 400 mianadahy ireo naniry niatrika ity fiofanana ity ary avy amin'ny faritra maro manerana ny Nosy izy ireo. Ny 100 ihany anefa no azo noraisina tamin'ity andiany ity. Nisy 15 tamin'izy ireo anefa nitsoaka an-daharana noho ny antony manokana avy amin'izy ireo. Nomena fanamarinana nahavita fiofanana izy 85 mianadahy ka ny 27 tamin'ireo no tena nisongadina ka nahazo ny "mention très bien". Nomena sitraka manokana ireo tovo-vavy niatrika izany fiofanana izany, satria anisan'ny asa sarotra sy mila tanjaka, saingy tsy nihemotra izy ireo." Vokatry ny fiarahamiasa amin'ny sendikan'ny indostria, hiditra ao anatin'ny sehatr'asa avy hatrany ireo 27 mianadahy hita fa mendrika nandritra ny fiofanana. Ireo ambiny kosa mbola mandalo "entretien".



Nahatratra 85 ireo nahavita hatramin'ny farany ny fiofanana nomena azy ireo.

Ny azo antoka, hoy ny minisitra, nandritra ny fandraisam-pitenenany, dia tafiditra miasa daholo izy 85 mianadahy vao hiditra amin'ny dingana faharoa amin'ny fandraisana mpianatra indray izy ireo. Nisy ny fandraisana andraikitra sy ny fizarana traikafa niaraha tamin'ny Ivontoeram-pirenena mikasika ny foto-drafitrasa, na Ininfra, izay

nanampy tamin'ny mpampiofana, mba hisy kalitao ny fiofanana. Manomboka eto, noho izany, azo lazaina fa matihanina tanteraka ireto tanora ireto, satria tonga dia asa eny an-kianja avy hatrany no natoro azy ireo miaraka amin'ny pitso-pitsony isan-karazany amin'ny resaka taotrano. Iaraha-mahalala fa mitombo foana ny mponina ary mitombo

manaraka izay ihany koa ny filana amin'ny resaka fotodrafitrasa. Azo antoka noho izany fa hisy foana ny tolotr'asa manodidina ny resaka taotrano ka tsy tokony hisy ahiahy mihitsy ireto tanora vao nahavita fiofanana ireto fa misy foana ny tolotr'asa ho azy ireo.

Nath

Tafa...sika

Anjara Rasoanaivo

"Mamoron-kira, manoratra tantara, manatontosa sarimihetsika aho"

Anjara Rasoanaivo, mpanao gazety, mpihira, mpanoratra sady mpanatontosa horonan-tsarimihetsika. Anisan'ny mpifaninana hihazakazaka ho eny Tsimbazaza, lisitra faharoa amin'ny kandida tarihin'i Randy Donny ao amin'ny boriborintany voalohany. Nisy ny resadresaka nifanaovanay taminy :

Gazetiko : Anjara Rasoanaivo. Nanao gazety no tena nahafantarana anao hatramin'izay. Amin'izao fotoana any amin'ny fandrafetana horonan-tsarimihetsika no ahitana anao. Navela ve ilay asa fanaovan-gazety sa mbola mitohy ? Nianatra momba ny fanatontosana filma sy ny famokarana horonan-tsarimihetsika mihitsy ve ianao ? Tantarao hoe ny « parcours » (lalana nodiavinao) teo amin'io tontolon'ny sarimihetsika io ka nahatonga anao tafiditra lalina tamin'ny famokarana filma ?

Anjara : « Nanomboka nanao gazety aho ny taona 2004, ka ny kolontsaina foana no nifantohako hatramin'izay. Nanao gazety an-tsoratra aloha, tao amin'ny Les Nouvelles, dia nifindra tao amin'ny Midi Flash ary avy eo tao amin'ny Midi Madagasikara. Dia taty aoriana, efa taty amin'ny taona 2017, vao nanao gazety Digital aho, izany hoe nanao fanadihadiana an-tsary mivoaka amin'ny pejy Facebook. Anisan'izany ny pejy ny Midi Madagasikara. Nanoratra tamina Magazine hoe Demokrasia aho nandritra ny 5 taona, ary mbola manoratra foana hatramin'izao. Marina tokoa fa nikisaka moramora nakeo amin'ny tontolon'ny horonantsary malagasy aho. Mbola 20 taona aho tamin'ny nanomboka niditra tamin'izany sehatra izany, ka « actrice » aloha no nataoko, avy eo niasa nanao « assistante de réalisation » tamina « agence de production » vahiny aho. Ny taona 2014 aho no niompana tanteraka tamin'ny fanodinana horonantsary. Nanaraka fiofanana momba ny fomba famokarana horonantsary aho ka nanaraka fiofanana « formation sur les fondamentaux de la production », tany Toamasina nandritra ny 6 volana. Sarotsarotra satria taom-pianarana herin-taona no nasesika nandritra io fe-potoana io, ka nianatra isan'andro amin'ny 7 ka hatramin'ny 9 alina izahay tamin'izany. Fa tiako, dia vitako. Taorian'izay dia nanaraka fiofanana ho an'ireo mpanoratra vehivavy eto Afrika aho, « Female Writers », izay natao tany Afrika Atsimo. Ka ny fanoratrana tantara ampidirana hafatra entina anabeazana no nianarana tamin'izany. Ary vao haingana, tamin'ny 2022, dia voafantina nanaraka fiofanana momba ny fanoratana sy fanatontosana horonan-tsary fohy aho, tao anatin'ilay tetik'asa 7 jours pour 1 film. Nianatra nanatontosa ihany koa aho, tsy tany am-pianarana moa satria tsy misy sekoly ho amin'izany eto amintsika, fa nanaraka atrikasa sy nianatra teo amin'ireo efa nahay, ary nampiana-tena, izay no ampahany lehibe indrindra ».

Gazetiko : Ny horonan-tsary tantara mitohy novokarinao no anisan'ireo filma voafidy voalohany tao amin'ny « Novegasy » (Canal +). « Anjara diso » no lohateniny. Horonan-tsarimihetsika fahafiry novokarinao iny ? Firy izao ny horonan-tsarimihetsika novokarinao ? Firy no nosoratanao ? Manana mpanoratra tantara ve ianao ? Firy no notontosainao ? Karazana filma ohatra ny ahoana no tena vokarinao ? Sarotra ve ny manoratra

filma tantara mitohy ireny ?

Anjara : «Horonantsary mitohy 2 no nandeha tao amin'i Novegasy dia i "Anjara Diso" sy i "Ratra". Nahazoanay amboaran'ny mpilalao sarimihetsika ho an'ny ankizy i "Ratra" ka i Tiffany Makaso Radafinia, nilalao an'i Miahy, no nibata izany amboara izany. Ireo roa ireo ihany aloha hatreto no horonantsary mitohy novokariko, fa sarimihetsika indray miseho no betsaka. Ny taona 2015 aho no namoaka an'i "Selfie #Sale Fille" izay nahazo ny laharana voalohany tamina fifaninanana horonantsary mihetsika teto Madagasikara ihany, catégorie « Meilleur scénario ». Ny taona 2017 indray aho vao namoaka horonantsary fanadihadiana mitohy, tao anatin'ilay tetik'asa noforoniko hoe Malagasy Road Show, ka horonantsary 4 no navoaka, mitantara sy mampiseho ny hakanton'i Madagasikara sy ny harenan'ny mozika eny ifotony. Ny taona 2019 sy 2020 no nanao ireo horonantsary mihetsika, ary ny taona 2023 kosa dia namoaka ilay filma mitondra ny lohateny hoe « Raini-dedaka », izay mbola tsy nivoaka ho an'ny daholobe. Ny taona 2024 dia namoaka ilay horonantsary hoe "Le carnet" izay tafiditra ao anatin'ilay tetik'asa hoe Fitaratra, ady amin'ny herisetra an-tsekoly sy fidrohana zava-mahadomelina ataon'ny fikambanana Imaso Ivoho Madagasikara, ka entinay mitety sekoly izany ankehitriny. Izaho ihany no manoratra ireo tantara rehetra, indrindray misy manampy ihany, indrindra ho an'ireo tantara mitohy. I « Raini-dedaka » no niarahako nanoratra tamin'i Barhone sy Riri Etsetra. Sarotra ny mamokatra horonantsary mihetsika, satria mbola tsy tafapetraka mihitsy ny rafitra mba hampihodinana azy. Raha hazavaina fohifohy, dia misy ny mpamokatra filma gasy, misy ary tena feno mpankafy ny filma gasy, saingy tsy mifandray ireo satria tsy misy rafitra mampifandray azy : tsy misy toerana ijerena sinema gasy, ny varotra DVD efa iarahamahalala fa sembanin'ny mpanao piraty ».

Gazetiko : Ahoana izany hoe renim-pianakaviana misahana andraikitra maro izany ? Misy ifandraisany sa tontolo samihafa mihitsy ireo iriariavanao ireo ?

Anjara : « Ho ahy aloha dia ny fitaizana ny zanako no laharam-pahamehana eo amin'ny fiainako. Fitaizana arapanahy indrindra indrindra. Miasa ao an-trano aho raha mbola azoko atao, mba ho eo foana ho azy, ka raha mila miresaka na mila ahy izy ireo dia eo aho. Raha misy fivoriana tsy maintsy atao vao tena hoe mivoaka ny trano aho. Rehefa sabotsy sy alahady dia miaraka amin'izy roa vavy foana aho, na raha tena misy dia alehako dia miaraka amiko izy roa. Mila lanjalanaina ny maha reny sy maha vehivavy miasa, satria samy andraikitra lehibe eo amin'ny fiainana izany. Miezaka manazava amin'izy roa foana aho

amin'izay rehetra sahaniko amin'ny asa, dia manohana ahy tanteraka izy roa amin'izay rehetra ataoko. Ny tsikaritro dia ny hoe rehefa sambatra aho amin'ny asa dia milamina koa izy roa vavy ».

Gazetiko :Mpanakanto ianao ankoatra ny famokarana sarimihetsika sy asa fanaovan-gazety. Karazana mozika inona no tena voizinao ? Mamoron-kira ve ianao ? Inona no hetsika ahitana anao ato ho ato ?

Anjara : « Eny, mamorona aho, manoratra tantara aloha no tena ataoko, dia mamorona hira koa indrindray, indrindra hira mifandraika amin'ny horonantsary vokariko. Mozika rock aloha no tena tiako, dia mozika be e, hira tendrena, izay reko fa niangaliana sy manetsika aingampanahy, ary voasoratra tsara ny tonony. Amin'izao aloha dia manao projection ana filma gasy notontosainy, mitondra ny lohateny hoe « Le carnet » eny an-tsekoly aho, miaraka amin'ny fikambanana Imaso Ivoho Madagasikara, manentana momba ny ady amin'ny herisetra an-tsekoly sy ny fidrohana zava-mahadomelina ».

Gazetiko :Ao anatin'ny mpifaninana hihazakazaka eny Tsimbazaza miaraka amin'ny namana mpanao gazety Randy Donny ianao. Inona no nahatonga anao nisafidy izay lalana iray izay ? Inona no heverinao fa tombony ho an'ny mpanao gazety mirotsaka hofidiana solombavam-bahoana toa izao ?

Anjara : « Ankoatra an'ireo efa voatanisa teo, dia nanaraka fiofanana maro momba ny fifidianana sy demokrasia koa aho. Efa nanao « observatrice » fifidianana solombavam-bahoaka tany amin'ny Nosy Maurice aho, notohanany FES, nanaraka fiofanana momba ny demokrasia sy fifidianana tany Afrika Atsimo notohanany IDEA International, ary fiofanana momba ny demokrasia sy fanjakana tan-dalàna teto an-toerana, niarahako tamin'ny HCDD. Tiako ny mandala ny demokrasia, ary faniriako ny hampihatra izany eo amin'ny fiaraha-monina, amin'ny maha olom-pirenena ahy. Amin'ny maha mpanao gazety dia mitatitra ireo maharary eny amin'ny fiaraha-monina isan'andro ao anaty gazety aho. Hita eo daholo ny mety, ny tsy rariny, ny tsindry azo lena, dia mampalahelo ilay izy. Amiko dia adidy ny mandray andraikitra, ary efa zatra an'izany aho. Foto-pisainana nentiko hatramin'izay ilay hoe « Be the change », miainga eo aminao ihany ny fiovana entinao ho an'ny firenena ».

Dinika nifanaovan'i Fy



Fiovaovan'ny toetr'andro

Ahiana tsy ho sompitri'i Madagasikara amin'ny vary intsony ny faritra Alaotra

Miantso ny mpikambana sy ny zanaky ny faritra ary ireo tsara sitra-po mba hifanohana sy hifanome tanana, ka hiara-kijery vahaolana entina miatrika izany olana izany ny Fikambanan'ny Zanaka Ampielezana teraka Alaotra (FIZALAO TRA).

Toy ny faritra maro eto Madagasikara sy any amin'ny firenena maro manerantany, misedra olana noho ny antony maro, indrindra noho ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro ny Faritra Alaotra. Ao anatin'izany ny voka-bary ; miha-mitombo ny tanimbary tototry ny atsanga noho ny fahasimban'ny tontolo iainana ka mampihena ny velaran-tany azo volena no tsy ahafahana mampitombo ny vokatra. Nantitranterin' Andriamahafaly R. Zaka,



Tandindonin-doza ihany koa ny farihin'Alaotra. (Sary nindramina)

filohan'ny Fikambanan'ny Zanaka Ampielezana teraka Alaotra (FIZALAO TRA), fa tsy ho sompitri'i Madagasikara amin'ny vary intsony ny faritra Alaotra ao aoriany kely ao, raha mitohy izao toe-javatra izao. Ankoatra izay, tandindonin-doza ihany koa ny farihin'Alaotra, izay

fototry ny maha-Alaotra ny Faritra. Tototra ka lasa mihamarivo ny farihin'Alaotra, ary raha tsy misy fandraisana fepetra sy andraikitra faran'izay haingana, dia ahiana ho ritra tanteraka mihitsy. Ahiana ho lany tamingana ihany koa ireo biby sy zava-maniry izay

harena voajanahary mampiavaka ny faritra araka ny fampitam-baovao avy amin'ny FIZALAO TRA hatrany. Etsy andaniny, noho ny fahasahiranany mponina dia mitombo ny tsindry mianjady amin'ireo valanjavaboary arovana, toy ny Zahamena, ka mananon-

tanona ihany koa ny faharipahan'ny ala sy ny harena samihafa ao aminy. Efa miantraika mivantana ihany koa ny fiovaovan'ny toetr'andro ka manimba fotodrafitrasa maro, toy ny lalana fifamezivezen'ny mponina amin'ireo Kaominina amin'ny distrika telo : Ambatondrazaka sy Amparafaravola ary Andilamena.

Antso avo

Eo anatrehan'ireo loza mitatao voatanisa teo aloha rehetra ireo, ny FIZALAO TRA dia manao antso avo amin'ny mpikambana sy ny zanaky ny faritra ary ireo tsara sitrapo mba hifanohana sy hifanome tanana, ka hiara-kijery vahaolana entina miatrika izany olana maro samihafa izany, mba hisian'ny tena fampandrosoana mirindra. Mankalaza ny faha-45 taonany amin'ity taona 2024 ity rahateo ny FIZALAO TRA, ka misy ny hetsika samihafa izay karakainy eto Antananarivo sy any amin'ireo distrika telo dia Ambatondrazaka sy Amparafaravola ary Andilamena ho fanamarihana

izany ahafahan'ny rehetra mihaona sy miara-mitady vahaolana. Ny sabotsy 20 avrily 2024 ho avy izao ny lanonam-panokafana hotanterahina eny amin'ny Asia-Africa Hôtel Ivato, manomboka amin'ny 10 ora maraina. Hitohy amin'ny fitsangatsanganana lehibe iarahan'ny be sy ny maro eny Ambohimalaza (RN2) Frère Capucin izany, ny Sabotsy 08 jona 2024. Nomarihin'ny filohan'ny fikambanana, fa amin'ny volana Jolay 2024 ny ivon'ny fankalazana ka hisy ihany koa alim-pandihizana goavana ao anatin'izany. Aorian'izay ny hetsika hatao any amin'ny distrika telo. Nomarihin'Atoa Andriamahafaly R. Zaka, filohan'ny fikambanana, fa hisy hatrany ny fifanakalozana hitondrana tsoa-kevitra na fehin-kevitra mandritra ny hetsika rehetra, ahafahana mijery ny fomba handraisany ny fikambanana anjara amin'ny fampandrosoana ny lafiny sosialy sy toe-karena any amin'ny Faritra Alaotra. Nangonin'i Niry R.

TENY REHETRA TENY



Ifandroritan'ireo mpivarotra ny resaka haban-tsena eto amin'ny tanànan'Antananarivo.



Tsy inona akory ireto fa fitaovana hahafahan'ny mpiray tanindrazana amintsika mivelona.



Ny arabe no mba hiankinana sy hatorian'izy enin-dahy.

Sarisary zary tenany

wc Hatsikana an-tsary

Antsy



Masoandro iposaka

ROMANA 13 : 11

11 Ary tokony hanao izany indrindra isika, satria fantatsika ny andro, fa ankehitriny izao dia ora tokony hifohazanareo amin'ny fahatoriana; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky noho ny tamin'ny andro vao ninoantsika.

Indray mipika



Nanantontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

Tantara mihangy

MPICARAHALAHY



Chabolana



Miditra antsipiriany toy ny tohy vakan'ny Talaotra.

Fait avec ordre, comme l'enfilement des perles des Talaotra.

Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3222

8	5	7						
				1			7	
			6	8				
4				2			5	
		3	1	7	9	6		
			3					
5								
7	8			4		2	5	
		6					4	

Valin'ny laharana 3221

9	1	7	5	6	2	8	3	4
5	2	3	4	9	8	1	7	6
4	6	8	3	1	7	2	5	9
6	5	4	8	7	9	3	2	1
8	7	9	2	3	1	4	6	5
2	3	1	6	5	4	7	9	8
3	9	2	1	4	6	5	8	7
1	8	6	7	2	5	9	4	3
7	4	5	9	8	3	6	1	2

TENY MIAFINA N° 820

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

Grid of letters for Teny Miafina N° 820. Row 1: I F V M T K Z K T O. Row 2: N S I R L R I S N A. Row 3: M J A N D T L T A M. Row 4: Z I N G M G B O K P. Row 5: G P T Y O D Y H P G. Row 6: S I E H O H B E K S. Row 7: B M T O M D O H M B. Row 8: E V P N P V J O J E. Row 9: Z J F E D E L F O P. Row 10: I F S M L J Z J Y.

07 litera

Val in'ny teny miafina 820 : TANALA

Kakuro 820 grid with numbers. Row 1: 13 38 1 3 1 4 2. Row 2: 28 9 17 4 4 2 5 9. Row 3: 2 1 9 2 8 6 4 7. Row 4: 9 4 7 2 1 9 7 3 8 1. Row 5: 3 1 9 3 7 1 9 5. Row 6: 9 4 8 5 7 6 2 3 1. Row 7: 2 5 1 2 1 5 8 6 9. Row 8: 9 7 3 6 4 8 1 4 2 1. Row 9: 2 1 9 1 6 3 8. Row 10: 1 3 5 9 2 6 8 4 7. Row 11: 3 8 6 1 9 2 5 1 3. Row 12: 5 9 8 6 7 3 6 9 7 8. Row 13: 2 7 1 9 1 3 2 9.

Valin'ny Teny Mirandana Lah. 7846. T • A N T S O N I •. A • K • O A • I • A. N I A I K I • T N L. D I T R A N A R E O. R • O • N A N O F A. I • N D A O • S A N. F • A I • • • O I A. I A R A K A • N K I. • H E N O I N A O •. A F O I N A O • • •.

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

Visual puzzles for Hafatra Miafina. Includes a 3x3 grid with numbers and letters, and a 3x3 grid with letters and numbers.

Valin'ny lalao omaly

ATAHJORANA HO ISAN'IZANY IREO

TENY MIDINA

- 1. Naoty
2. Motro
3. Loto
4. Rambon'ondry
5. Trotraka

Valin'ny TENY MIDINA omaly

Pyramid puzzle for Teny Midina. Top letter: F. Numbers: 1. BA, 2. ABA, 3. BAKA, 4. ABAKA, 5. SABAKA.

DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambaro dia ho hitanao ny valiny

A V O N E N I N A S
A K K L I V V A K M
T M A N O K A F A A
O S S L V V A T V O
L A I A E I O T O A
O A K K Z K S A S V
R R I A I I A T T O
I I K S N N N T I A
A A A J O A A A M V
O O O N A A Z O I I

- ZAKAO TSINJO RAILOVI TAKELAKA VONENINA
VITSI SAZINAI NIKATSO KIKISAKO MITSOVAKA
LAISOA TAOVOLO ZANAKAO MATOKISA
VAOVAO ATOLORI TSIKINAO MANOKAFA

- Valin'ny lalao omaly : - ROFIA - INONA

NY TONONANDRONAO ALAROBIA 17 APRILY 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

Aza variana manonofy fa tanteraho izany nofinao izany

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Aza kivy mitady asa ianao dia ho hitanao fa ahita ianao
FITIAVANA: Aza asiana disadisa ny aminareo fa miresaha raha toa ka tsy mifankahazo

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Aza atao kitoatoa ny asanao
FITIAVANA: Anjara ny anareo roa.

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Aza miandry sy mitango ny atsembohan'ny hafa fotsiny ianao
FITIAVANA: Mandefera ianao fa tsy midika izany akory oe ianao no diso

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

ASA: Aza atao mahakivy ny kiana ataon'ny hafa anao
FITIAVANA: Aza tia rendrarendra loatra ianao sao ka hisy fakampianahy

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

ASA: Aza afangaro ny asa sy ny fitiavana
FITIAVANA: Aza avela hitia mangina anao izy fa lazao azy koa ny ao amponao?

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

ASA: Aza matahotra mamoaka hevitra ianao
FITIAVANA: Tsy olon-tinao fotsiny izy fa sady namanan'ny hafa ary namana tsy mba hanary anao izany

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Ataovy tsara ny asanao dia ho hitanao fa tsy ho sahirana intsony ianao
FITIAVANA: Maro ireo tsara saingy tsy misy ny toa azy ka tiavo izy

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Ataovy lesona amin'ny hoavy ny tsy nety nataonao omaly
FITIAVANA: Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina ka fadio ny mampirafy raha tinao tsy hampirafy ny olon-tinao

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Ifotory tsara aloha ny asa
FITIAVANA: Aza afangaro amin'ny fitiavana zavatra hafa ny fitiavana azy

Adaoro 15 febroary - 15 martsa

Aza atao ambanin-javatra ny fiainanao

Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

Tsarovy fa tsy ho adino na oviana na oviana ny olona efa notriavina

TONDRO-TENY

Word search grid with words: Rantsakoi, Poka(mv), Manavy, Fanafana, Solontena, Hatsiaka, Tanteraka, Tsy aty, Ambina, Naoty, Fefy, Sombiniaina, Ambony(br), Lanonana, Efaina, Ambany.


Valin'ny tondro-teny omaly

F A N A K A
A S • N A N
N A • A R I
I R E R I •
N O N O • I
A N I • A L
• A N O V O

TENY MIRANDRANA Lah. 7847

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

Word search grid with words: VOIZO OMENAI OHARINA TAKAITRA, VOLI KALONI NASIANAO MAMITSAKA, SAKANO FARINAI IKOIZANA ALAINAREO, TANAKO TONIANI MITSOAKA ITOKISANAI



KAKURO 821

Kakuro puzzle grid with numbers. Row 1: 20 45 16 24 24 23 36 38 24. Row 2: 9 18 14. Row 3: 39 21 29. Row 4: 6 3 12 42 16. Row 5: 10 19 24 15 12. Row 6: 38 6 13. Row 7: 6 8 21 28 8. Row 8: 6 7 11 25 23 20. Row 9: 28 16 13 14 27 12. Row 10: 7 12 19 45 14 12. Row 11: 33 5 32 3. Row 12: 19 21.

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny fariitra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalana napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Fomba hanadiovana lafaoro hatrany, "levure chimique" indray ampiasaina, afangaroy rano dia iny no entina hanadiovanao azy.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany

Word search grid with words: MI, RA, TA, VY, FE, INA.

Valin'ny lalao omaly : KILAOTY + SAMBANY + MINITRA = LAMBANY

R Raha miteny ilay olona nametrahana
E fanontaniana hoe : "Tsara fipetraka izany
S fanontaniana izany", dia aza gaga fa
A tsy izany akory no ao an-tsainy fa hoe
K "tena ratsy fipetraka izany fanontani-
' anao izany". H E H Y

HOTSAKOTSAKOINA

«Tsy ny vola na harena atobakao eny an-tsena no hanetsina ny banga eo amin'ny zanakao, fa ny fotoana iarahanao mifaly aminy: fangalapiery, sangisangy na lalao hafa no atao hamehana.»
Ny Vetso (29.10.16)
(«Ne te tue pas au travail pour donner plus à tes enfants. Quand ils grandissent, ils ne retiendront pas les jouets chers mais les moments heureux qu'ils avaient passés avec toi.»)

Zaza vaky molotra na vaky lanilany
Maro no efa mahay miteny ara-dalàna, rehefa ampianarina

Maro amin'ireo zaza vaky molotra na vaky lanilany no afaka miteny ara-dalàna rehefa ampianarina aorian'ny fandiana natao azy. Izy ireo dia manana fahasaratana rehefa miteny. Tsy maintsy mandalo dingana maro ampianarana azy hahay miteny ireo zaza vaky molotra na vaky lanilany aorian'ny fandiana natao azy. Rehefa voafehiny ny fiteny anankiray dia misondrotra kilasy izy, ary miditra amin'ny lasy faharoa. Miakatra lasy fahatelo ... Ny tanjona dia mba hitenenan'ireo zaza ireo ara-dalàna toy ny ankizy rehetra, tsy manana fahasembanana. Rehefa vita ny fampianarana feno nomena azy ireo dia afaka miverina eny anivon'ny fiaraha-monina ka afaka miteny tsy misy olana izy ireo, hoy ny Dr Benjamin Rakotoson, talen'ny Santé Plus, ao Antsirabe. Raha ny fantatra dia ankizy 3 hatramin'ny 6 ireo zaza ampianarina miteny eo anivon'ity ivontoeana ity, ary avy amin'ny faritra maro manerana ny nosy.

Mitovy zo

"Taorian'ny nandidiana ny zanako dia mitovy zo amin'ny zaza rehetra izy. Efa miteny sy miresaka tsara izy izao, saingy teny kely sisa no hanintsiana azy", hoy ny Renimpianakaviana iray, solontenan'ireo ray aman-dReny fa efa miresaka amin'izao. Maharitra am-bolana maro ny fampianarana an'ireo zaza ireo miteny, ka mila faharetana sy fotodrafitrasa izany. Miankina amin'ny fahaizan'ny zaza mahay miteny sy ny fomba fandraisany an'ilay fampianarana azy no faharetany eto amin'ny akany. Vita ny litera dia miditra amin'ny teny, ary faranana amin'ny fehezanteny izany. Ity farany no andrefesana hoe : afaka miteny soamantsara ilay zaza", hoy hatrany Dr Benjamin Rakotoson. Maro amin'ireo zaza nanana olana hiteny izay zaza vaky molotra na vaky lanilany no efa mahay miteny sy miresaka tsara amin'izao fotoana izao. Ny fampitomboana ny ivontoeana tahaka ity efa misy ao an-dRenyvohitry ny Faritra Vaninankaratra ity isaky ny Renivohi-paritany teo aloha no isan'ny fomba mahomby hanampiana an'ireo Ray aman-dReny manan-ianaka manana an'ireo fahasembanana efa nolazaina teny aloha.

HAR

Nahandro

Akoho amin'ny sakamalao
Zavatra ilaina: akoho 1,5 kilao, sakamalao 1lehibe, "mousses de bambou" 200g, petipoa 5 soto, curry 1sotrokely, saosy soja. Fikarakarana azy: tetehana ny hena dia kendrena mba ho samy hisy taolany sy nofony avokoa. Tetehana manify ny sakamalao efa voadio tsara. Tetehana madinika ihany koa ny "pousses de bambou". Endasina anaty vilany efa nasiana menaka ny hena dia avadibadika ho mendy tsara. Asiana rano 2 vera avy eo dia rarahana curry sy saosy soja ary avela hiketrika mandritra ny 40mn amin'ny afo malefaka. Arotsaka ny sakamalao sy ny "pousses de bambou" ary petipoa dia ahandroina ho masaka. Rehefa hita fa masaka dia loarana ary azo aroso avy hatrany.

Gazetiko

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJONAH
034 34 697 10
Biroa sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitrinarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 038 34 344 34
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 638 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

MANAMPY ANAO

Permanences
13 avril au 20 avril 2024

- PHARMACE DE GARDE
ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arrêt bus sapin
032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravohangy 020 22 255 51/034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale
020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
PÉRIPHÉRIE D'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy - 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohivao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahtsy - 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandrozo - 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohitrarimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahtsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimagakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amaronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifariby Ankaraboato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina - Tsarahonana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraboato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

- BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA
TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24
TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostic et d'urgence médical)
TEL 22 329 56 / 032 07 822 28 / 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO
TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA
TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO
AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM - 01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

TELEVIZIONA



- 06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
10.15 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série
12.30 : A votre santé
13.30 : Dessins animés
16.00 : Journal International
17.00 : Full sport
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Fandaharana manokana
21.30 : Film Action
23.00 : Journal International
23.45 : Film Romantique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Dramatique
05.00 : Série @
05.15 : Rhefi
01.56 : Film

- 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Viva co Prod : Minute Fihariana
20.53 : Série dramatique : Dynastie 2017 (-10)
21.38 : Film
23.30 : Journal : Viva Événement VM @
00.10 : Magazine jeux vidéo : Game in @



- 06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News @
14.10 : Mecamag @
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : Ny Vaovao @
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV



- 05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL @
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR @
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO @
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DESSINS ANIMES
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

TELEFAONINA ILAINA

- HOPITAUX ET CLINIQUES
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO
TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HURA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94 / 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24h/24)
ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66 / 034 02 088 16 / 034 02 00 911
CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
AROVY CLINIC
ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)
POMPIERS
- TSARALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76
POLICE SECOURS - GIR
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117
COMMISSARIATS
- 1^{er} ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2^e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3^e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4^e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5^e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6^e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7^e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8^e ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22



TSIPAKA

"Critérium National U12", tsy tafiditra ao anatin'ny fandaharanan'ny federasionina malagasy ny basketball intsony ny fifaninanana mahazatra tokony natao tamin'ity sokajintaona ity fa novaina ho "Mini-basket", izay natao hampilalaovana ny ankizy madinika fotsiny ihany fa tsy misy tanjona amin'ny tokony handrombahana amboara na medaly. Izany fepetra izany no noraisin'ny mpitantana ny FMBB dia hisorohana ny fifanjevoana mitranga eny ambony kianja, izay mahavariana ihany ny fisiany rehefa misy fifaninanana ho an'ny ankizy madinika. Fifanjevoana azo amin'ny tsy fahazakan'ny raïamandreny sy ny mpânabe sasany ny faharesena mianjady amin'ny ekipany, izay mody ahilika amin'ny resaka hala-taona sy ny tsy fahaizana na koa tsy fifehezan'ny mpitsara mitantana ny lalao.

Iza no ho voa mafy ?

Raha tsiahivina ny tranganjavatra niseho teny amin'ny kianjan'Anosisoa, nandritra ny lalao famaranana "Super Coupe U12 F" nokarakarain'ny SBBAR, izay noravan'ny rain'ny mpilalao anankiray kanefa efa nizotra nandritra ny telo minitra mahery kely ny lalao. Mipetraka ny fanontaniana eo anatrehan'ny tranganjavatra tahaka ireny. Iza no ho voa mafy amin'ny fampiatoana fifaninanana tsy hilalaoan'ny ankizy ? Raha ny fisian'ny "Critérium National" no ambara dia azo lazaina fa fahombiazana no azo, satria nahitana ankizy manan-talenta amin'ny filalaovana an'ity taranja ity avy any amin'ny ligim-paritra maro. Araka izany dia azo antoka fa raha mitohy ny filalaoan'ireny ankizy ireny ny basket-ball, dia manana mpilalao fiandry kintan'ny basket-ball malagasy maro isika. Miteraka fahavoazana ho an'ny ankizy ny fanafoanana ny fifaninanana natokana ho azy ireny. Matetika dia resaka hala-taona no itrangan'ny olana. Tsy tokony hitranga anefa izany rehefa mahatsapa tena ny mpanabe rehetra (tsy afa-miala amin'izany koa ny raïamandreny niteraka) fa mihoatra amin'ny sokajy takiana amin'ny fifaninanana ny taonan'ny mpilalao dia tsy tokony hampiakarina an-kianja. Momba ny raïamandrenin'ny mpilalao manokana indray, izay mitsabaka amin'ny asan'ny mpanazatra matetika, dia tokony ho fantatra sy tsapan'izy ireny fa manana ny fahaleovantenany ny tekisianina, izay hany mahafantatra ny mpilalao tiany halahatra eny ambony kianja.

aris rafaly

SONGADINA

Toulon Academy

Manao dingan-davitra amin'ny fifaninanana "Telma Coupe de Madagascar 2024"



Ekipa mampiasa ny fahaiza-manaon'ny tanora.

Na dia vao hatrika ny dingan'ny 1/16-ndàlana aza ny fifaninanana amin'ny "Telma Coupe de Madagascar 2024" amin'ny fiandohan'ity faran'ny herinandro ity, dia azo lazaina fa anisan'ireo ekipa sambany miatrika an'ity fifaninanana ity ny Toulon Academy Analamanga, izay azo lazaina fa mahavita ezaka hifehebe tonga amin'izany dingana izany. Hifampitana amin'ny ekipan'ny Elgeco Plus, mifaninana amin'ny "Pure-play Football League (PFL)" ny Toulon Academy (T.A), izay vao niakatra amin'ny sokajy "Ligue 1" an'Analamanga. Tantanin'ny mpanazatra Mahefa Blaisematiudi Tolojanahary "Blaise" ity ekipa ity, izay tsy vaovao amin'ny ekipa hifanandrina aminy amin'ny alahady 21 aprily 2024. Tsy ny fihonana ataon'ny ekipa roa tonta no asian-teny etoana fa ny lalana nodiavin'ny T.A, tao anatin'ny telo taona niorenany monja, no tiana hampahafantarina. Niforona

tamin'ny taona 2021 ity ekipa ity ka mpilalao latsaky ny 15 taona no niandohan'ny fifantenana, nampiofanina sy nampianarina tamin'izany fotoana izany. Niainga tamin'ny fifaninanana nampianaoviny ny Section Antananarivo Renivohitra tamin'ny "Ligue 2" izy, ary tafakatra mandray anjara amin'ny fifaninanana "Ligue 1" an' Analamanga

ankehitryny. Manana fifandraisana amin'ny mpankafy baolina kitra avy atsy Seychelles sy Thailand ny sasany amin'ny mpitantana azy ka avy amin'izany no nisintomana sy nangalana ny anarana ho Toulon Academy. Noho ny fahaizamaon'ny mpilalao beaziny dia efa misy tamin'izy ireo no notsapaina, lasa milalao any amin'ireo fire-

na ireo ankehitriny. Tafiditra ao anatin'ny tarigan'ity ekipa ity mihitsy moa ny handefasana mpilalao any ivelany, hivelaran'ny fahaiza-manaony ho lasa matihanina. Ambonin'izany ny hahazoana mpilalao handrafitra ny ekipam-pirenentsika Barea de Madagascar, izay mila mpilalao matihanina hatrany hanatevindaharana azy, raha te ho

lasa lavitra amin'ny fifaninanana iraisampirenena andraisany anjara. Mahatratra 35 ny isan'ny mpilalao mandrafitra ny T.A amin'izao fotoana izao, ka 24 taona ny zokiny indrindra ary 18 taona no betsaka indrindra. Mba hisorohana ny fahabangan'ny toeran'ireo mpilalao ireo dia mieritreritra ny hanangana "Ecole de Football Touloun Academy" ny mpitantana azy ato ho ato, hahazoana solofo sy dimby. Voalaza mantsy fa efa misy mikitriketrika sy mikitikitika, haka an'ireo mpilalao any klioba sasany any ivelany any ankehitriny. Tao anatin'izay taona vitsivitsy monja nitsanganany izay dia efa nandranto lalao tany ivelany ny Toulon Academy, ary efa betsaka ny zava-bitany "palmarès". Manana "Staffs Techniques" fito mirahalaha mampihodina azy ity ekipa ity, ahitana an-dry Clémentine Barea de Madagascar, izay mila mpilalao matihanina hatrany hanatevindaharana azy, raha te ho

Tsy zoviana amin'ny filalaovana kitra i Blaise

Ny hazo no vanon-ko lakana dia ny tany naniriany no tsara. Tsara hofantarina ny momba an'i Blaise, mitantana ny lafiny aratekinika ao anatin'ny T.A. Anisan'ny mpilalao andrin'ny ekipan'ny Elgeco Plus, nilalaoany farany tao anatin'ny divizionina "Elite" i Blaise, izay nitana ny toeran'ny "Poste 6". Niainga tamin'ny filalaovana kitram-pokontany teny Anosibe izy fa mbola tsy nisy "Ecole de Foot" tamin'ny fotoan'andro nilalaoany. Nianatra tao amin'ny Lycée Moderne Ampefiloha izy, no nalain'ny ekipan'ny 3MA Andavamamba nanantevin-daharana azy rehefa hitany nilalao tamin'ny fifaninanana baolina kitra an-tsekoly. Nisy fotoana nandalovany tao amin'ny ekipan'ny CNaPS, niaraka tamin-dry Ando Rakapy. Teo amin'ny faha-17 taonany no nangalan'ny Domoïna Soavina Atsimondrano azy, niaraka tamin-dry Ando sy ry Ngom (kap), izay tao anatin'ny heriny ny fahaizany tokoa tamin'izany fotoana izany. Voaantso tao anatin'ny Ekipa voafantin'Analamanga, nandrombaka ny amboara tamin'ny fifani-

nam-pirenena latsaky ny 20 taona, niaraka tamin-dry Bolida, Solo "Môtô", Solo "Maditra", Gôjy, Doda... Taorian'izany no niantsoana azy koa ho "Scorpions de Madagascar - U20". Rehefa rava ny ekipan'ny D.S.A dia nalain'ny FC Fivoarana izy, talohan'ny nilalaoany tao amin'ny USCAFoot, izay niatrehany ny lalao famaranana tamin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Ligin'Analamanga. Taorian'izany dia niondrana tatsy Seychelles ny tenany, ka tompondaka lefitra inefatra ny ekipa nilalaoany. Ny niverenany teto an-tanindrazana no nilalaoany tamin'ny Elgeco Plus, izay tompondakan' Analamanga matetika sy nandrombaka ny "Telma Coupe de Madagascar" mifanesesey. Nandray anjara tamin'ny CHAN tao anatin'ny Barea de Madagascar. Rehefa tsy nilalao intsony izy, dia naka ny maripahaizana "Grass Roots Football coach" tany Seychelles. Tamin'ny taona 2028 no nanaovany fiofanana tamin'ny "Licence D" ka "Brevet" ny anarana nilazana azy tamin'izany. Anisan'ny fambara ho azy ny filazan'ny mpanazatra

Rô rô fa ho lasa mpanazatra ny tenany. Mpanazatra lefitry ny Elgeco plus no andraikitra goavana nosahaniny voalohany teo amin'ny "Ligue 1", izay nahazo ny T.C.M, niaraka tamin'ny Coaches Auguste Raux sy Bob, nifaninana tamin'ny "Coupe d'Afrique". Mbola azony fanindroany ihany koa ny T.C.M, niaraka tamin-dRandafison Jimmy "Koundé". Soritana fa tafakatra tamin'ny dingana faharoan'ny "Coupe d'Afrique" hatrany ny Elgeco Plus tamin'ny naha mpanazatra lefitra an'i Blaise. Tamin'ny taona 2023 no namoronany ny "Ecole de Foot"-n'i Fidanamanga, niaraka tamin'ireo mpiara-milalao tamin'ny, izay maniry ny hampivelatra ny fahaiza-manaon'ny ankizy eny ambony tanana amin'ny filalaovana baolina kitra. Ankoatra ny fiatrehan'ny amin'ny Elgeco Plus amin'ny alahady izao, dia efa manomana ny Toulon Academy amin'ny dingan'ny famaranana "Ligue 1" an'Analamanga koa i Blaise. Mitana ny laharana faharoa ao anatin'ny vondrona misy azy ny T.A.



aris rafaly

Mpanazatra niainga tany amin'ny baolim-pokontany....

Kitra - Barea # Kaomoro

Mikaroka hevitra hanaovana ny lalao eto ny FMF sy ny fitondrana

Tsy maintsy andraisana fepetra ihany koa ny toerana ho an'ny mpanao gazety, izay nahazoana fanakianana.

Manatontosa an-tsakany sy andavany ny fepetra takian'ny CAF ny eo anivon'ny fitondrana sy ny federasiona, amin'izao fotoana izao. Io no nambaran'Andriamanohisoa Gerard, sekreteram-panjakana miandraikitra ny tanàna vaovao sy ny toeram-ponehana omaly tetsy amin'ny kianja Barea, nandritra ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety. Hanatontosana ny lalaoon'ny Barea eto antanindrazana. Nambaran'ny sekreteram-panjakana fa anisan'izany, ny fametrana ny "tournoquets" miisa 10 ka 2 avy isaky ny vavahady fidirana, hahalalana ny isan'ny mpijery. Ny tena goavana dia ny hisian'ny



Tsy mbola manary toky isika, hoy ity mpitondra fanjakana ity sy ny filohan'ny FMF omaly.

tohatra vaovao, hidinan'ny mpijery baolina miala avy eny amin'ny "gradin", miditra ao anaty kianja hisorohana ny loza mety hitranga. Eo koa ny hanaovana vavahady iray lehibe natokana hivoahana fotsiny. Tsy maintsy andraisana fepetra ihany koa ny toerana ho an'ny mpanao gazety, izay nahazoana fanakianana. Nanome toky ny sekreterampanjakana, fa hovitaina ao

anatin'ny 1 volana izany rehetra izany ka alefa isan'andro any amin'ny CAF ny fizotran'ny asa sy izay rehetra efa vita. Miankina amin-dry zareo kosa ny fotoana hahatongavany eto Madagasikara, hijerena indray ny kianja, mba hahazoana ny fankatoavana. Ny filohan'ny federasiona malagasiny baolina kitra, Andriamanampisoa Alfred, kosa dia nilaza fa efa nan-

defa taratasy any amin'ny CAF izy ireo, mandresy lahatra hijerena manokana an'i Madagasikara. Nohamafisiny fa tsy mbola nisy ny filazana fa hatao any Maorisy na Afrika Atsimo na Maraoka, ny lalaoon'ny Barea fa miandry ny fiavian-dry zareo isika. Andrasana hatrany ny fivoaran'ity raharaha ity.

Rabenaivo

PASI PASI

Raveloson Mick Roland

Mbola mitaiza vatana amin'ny spaoro miaraka amin-ianany

Filohan'ny federasionin'ny taranja lomano ny tenany amin'izao fotoana izao. Ny taranja karate anefa no nanombohany ny spaoro tamin'ny fahazazana, nikotrana momba ny taekwondo, aikido ary boxe française savate ihany koa. Nanara-dia azy ireo zanany, izay misy manao karate, lomano, motocross, volleyball sy jiu-jitsu. Ity fianakaviana ity no hampahafantarina eto amin'ny PASI PASI anio.

Gazetiko : Anaranao feno.
RMR : Raveloson Mick Roland
Gazetiko : Firy taona ianao, dia mbola manao spaoro ve ? Inona ilay spaoro atao ?
RMR : 50 taona, dia mitaiza vatana amin'ny karate, motocross, natation.
Gazetiko : Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
RMR : Nanomboka 13 taona aho no nanao karate tao amin'ny klioban'ny MAKAMA Analamanga. Amin'izao dia ao amin'ny klioban'ny ASKA. 4^e dan Ceinture Noire, notion de taekwondo, aikido, boxe française savate.
Gazetiko : Firy ny zanaka ? Iza avy, dia manao spaoro daholo ve ?
RMR : 3 lahy ny zanako. Raveloson Mami-mick Laurent, izay manao karate,



Fianakaviana miaina tanteraka amin'ny spaoro izy ireto.

motocross, natation ary volleyball. Raveloson Marius Mamiarisoa indray dia ny natation no ataony ary Raveloson Mamitiana Georges dia nanao natation, motocross ary jiu-jitsu.

Gazetiko : Noterena sa efa tao anatin'ny ran'ny zanaka ny spaoro ?
RMR : Efa tao anatin'ny

ran'izy ireo ny spaoro. Natomboka tamin'ny karate tamin'ny 2006. Dia avy eo nitatra nanao motocross, ary avy eo natation. Ny sasany moa dia nilalao volleyball sy nanao jiu-jitsu.
Gazetiko : Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanaka ?
RMR : Eny, Raveloson

Mami-mick Laurent dia efa voantso ekipam-pirenena teo amin'ny haiady karate, tamin'ny taona 2018 hatramin'ny 2022. Efa nandrafitra ny ekipa-pirenena ihany koa teo amin'ny lomano, niatrika ny Jeux Africains des Jeunes 2018. Raveloson Mamitiana Georges ihany koa dia efa voantso ekipam-pirenena ho an'ny lomano, nandritra ny lalaoon'ny Nosy 2023 natao teto amintsika.
Gazetiko : Inona no fialambolinareo mianakavy ?
RMR : Miaraka misakafy sy manao spaoro.
Gazetiko : Fanentanana ataonao ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
RMR : Manampy tokoa amin'ny fitaizana ny spaoro eo amin'ny lafiny ara-tsaina, sy ara-batana, izay tena ilain'ny fianakaviana.

Rabenaivo

Katrokady Matihanina - K1

Hanafika atsy La Réunion i Natacha sy Fabrice

Hotanterahina atsy La Réunion amin'ny 11 may ho avy izao ilay katrokady natokana ho an'ny matihanina, ho an'ny K1. Nasain-dry zareo mpikarakara handray anjara amin'izany i Madagasikara, amin'ny alalan'i Bienvenu Natacha sy Andrianantenaina Fabrice, ho an'ny sokajin-danja 75 kilao. Nambaran'ny teknisiana fa efa mandeha tsara ny fanomanana ity katrokady ity. Hitondra fandresena hody aty an-tanindrazana no tanjona ho an'ireto solontenantsika ireto, izay tsy hitsangatsangana fa hiady ho fiarovana ny voninahy-pirenena. Nambaran'ny Mtre Romuald fa tohin'ireny ady iraisam-pirenena teto amintsika ireny izy ity, taorian'ny vokatra azo tamin'ny lalaoon'ny Nosy no nanaovana ny safidy ho an'ireto solontenantsika ireto, hoy izy. Tsihivina fa samy nahazo medaly volamena izy ireo. Mbola betsaka ireo fandaharam-potoana, hoy hatrany Mtre Romuald, tafiditra anatin'ny tetikasa hampandrosoana ity taranja ity avokoa izany. Nanome toky ny tenany fa raha ny fizotran'ny fanomanana dia tokony hahazo vokatra tsara isika mandritra ity atrikady matihanina ity. Tetsy amin'ny dojo RKC Ivandry moa no nanaraka fanazarantena ireto solontenantsika ireto tamin'ny faran'ny herinandro teo, ka tonga nanotrona sy nanome hery azy ireo teny an-toerana, Commandant Mely filohan'ny vaomiera mitantana ny Pancrace eto Madagasikara, izay naneho ny fahavononana hatrany hanampy ireo atleta.

Rabenaivo



Vonona handrombaka vokatra tsara atsy La Réunion ny solontenantsika.

Taekwondo WT - Fifidianana

Lany ho filoha Rakotomanana Franck Tiana

Tontosa omaly tetsy amin'ny biraon'ny KOM Alarobia Amboniloha ny fifidianana teo anivon'ny Federasiona Malagasiny ny taranja Taekwondo. Lany ho filoha tamin'izany Rakotomanana Franck Tiana, izay nahazo vato 5. 2 kosa no azon-dRamanantsoa Christian, filoha teo aloha. Ligim-paritra 7(Atsinanana, Vakinankaratra, Betsiboka, Atsimo Andrefana, Matsiatra Ambony, Analamanga, Boeny) no tonga niatrika ity fifidianana ity, izay niatombohan'ny fivoriambe fanao ara-potoana, nandaminana ny manodidina ny fifidianana. Nizotra am-pilaminana ity AGE ity na dia teo aza ny savorovoro kely. Nisy rahateo ireo nivoaka niditra ny efitrano fivoriana saingy niravona izany ary nirosoana ny fifidianana, izay tao anatin'ny mangarahara tanteraka. Tonga nanatrika izany ny solontenan'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena sy ny avy amin'ny Komity Olympika Malagasy, izay nanara-maso sy nanamarina ny fahadiovan'ny fifidianana. Nambaran'ny filoha vaovao fa vonona hampandroso ny Taekwondo sy hametraka ity taranja ity amin'ny toerana ambony eo anivon'ny sehatra iraisam-pirenena ny tenany, izay nanome toky ny fahavononana hiara-kiasa amin'ireo ligy. Ho and-Randriamihamon, filohan'ny ligin'Atsinanana, kosa dia efa nampiomana fa raha sanatria misy ny tandrevaka ataon'ny filoha vaovao, dia hanao fivoriambe tsy arapotoana izy ireo hanesorana ny filoha.

Rabenaivo



Vonona hampiakatra avo ny lontan'ny Taekwondo Malagasy ity filohan'ny federasiona ity.